# Al fiqh al moyassar


# LALANA ARA-PINOANA NAMORAINA

# Fanamarihana

Ny tanjon'ity boky ity dia hampiseho sy hanazava ireo lalàna ara-pinoana (Masa'il Fiqhiya) izay eken'ny akamaroan'ireo manam-pahaizana (Foqaha sy Maraji'a) ary mampitovy hevitra azy ireo. Ny mpanoratra ity boky ity dia tsy nikasa ny hanazava ireo lalàna sy fitsipika ara-pinoana ireo amin'ny antsipirihany, satria mety hisy ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny fomba fijery ireo lalàna ireo izay mahatonga ny tsirairay hiverina amin'ny manam-pahaizana (marja, Foqaha) arahany.

I Ali no anarako ary izaho dia dimy ambin'ny folo taona






I Fatima no anarako, ary izaho dia sivy taona

Efa feno taona ara-pinoana i Ali

Efa feno taona ara-pinoana koa i Fatima

Rehefa feno taona ara-pinoana isika, dia tokony ho fantatsika ireo adidy ara-pinoana takiana amintsika, mba hahatonga ny zavatra tsy hifangaro amintsika, ary mba hahamora ny fanavahantsika ny zavatra azo atao (halal) sy ny zavatra tsy azo atao (haram). Ka isika mpino silamo dia mitandrina tsara amin'ny fanatanterahana ireo zavatra nandidin'Andriamanitra antsika, ary manalavitra ireo zavatra izay norarany. Mitia an'Andriamanitra (Ilay Avo indrindra) isika, ary mitia ny Mpaminany (saws) sy ireo Imam (as), ary maniry ny mba ho lasa mpino silamo mendrika sy tsara fitondran-tena.

## **Ankizy lahy efa ampy taona ara-pinoana aho**



Fantatro fa ampy taona ara-pinoana aho rehefa feno dimy ambin'ny folo taona

Ireto zavatra manaraka ireto dia anisan'ireo famantarana fa efa ampy taona ara-pinoana ny zazalahy iray :

-Ny fahasomondrara
- Na ny fivoahan'ny tsirinaina
-Na fanirian'ny volo matevina eo ambonin'ny taovam-pa-nanahana.

## Ankizy vavy efa ampy taona ara-pinoana aho

Fantatro fa ampy taona ara-pinoana aho rehefa feno sivy taona

Ireto zavatra manaraka ireto dia anisan'ireo famantarana fa efa ampy taona ara-pinoana ny zazavavy iray :



-Ny fahatongavan'ny fadim-bolana mandritra ny andro vitsivitsy isam-bolana.

# Manaraka izay ataon'ny manam-pahaizana isika



Ny finoana Islamo dia nibaiko antsika hanao ireo adidintsika izay tsy maintsy atao.

Ary nanakana antsika tsy hanao ireo zavatra voarara izy, izay tokony tsy ataontsika.

Fantatsika ireo foto-pinoantsika, ary fantatsika ihany koa ireo rantsan'ny finoantsika .

Fantatsika fa ny vavaka fanompoana (soalat) dia tsy maintsy atao (Wajib), torak'izany koa ny fifehezana, ny fivahinianana masina (Hadj), saingy isika dia tsy mahafantatra ny zavatra rehetra.

Maro ireo zavatra mitranga eo amin'ny fiainantsika, saingy tsy fantatsika, na mety izy ireny na tsy mety. Ny finoana Islamo dia nametraka drafitra sy lalàna amin'ireo zavatra rehetra izay misy eo amin'ny fiainantsika ; saingy ny fiainana dia misy fiovana, ka ahitana ireo trangan-javatra vaovao izay tsy fantatra ny fitsipika sy ny lalàna momba azy.

Misy anefa ireo manam-pahaizana izay nianatra manokana momba ny finoana, ka nandalina sy nikaroka momba ireny lalàna ara-pinoana ireny (Sharia). Mahay kokoa noho isika izy ireny, izany hoe mahay kokoa noho ny olo-tsotra. Izay hametrahan'ireo mpino silamo fitokiana amin'izy ireny no tena tadiavintsika, mba ho tompon'andraikitra amin'ireo asa nataontsika eo anatrehan'Andriamanitra Ilay avo indrindra. Ilaintsika ny fanarahana ny zavatra ataon'izy ireny, ary tokony mianatra amin'izy ireny isika, mba hahatonga ny asa ataontsika ho feno sy tomombana araka ny tokony izy. Ary ireo rantsam-pinoana dia maro, mila tsohan-kevitra, saingy ny olon-drehetra dia tsy ho lasa manam-pahaizana ara-pinoana (Foqaha sy Moujtahid) avokoa, ka eo no mahatonga ny sasany tsy maintsy mianatra manokana mba ho arahan'ny olona, ary ny tena tsara dia ny fanarahana izay manam-pahaizana kokoa.



Ny silamo dia manalavitra sy
miala amin'ireo loto



Madio avokoa ny zavatra rehetra
afa-tsy izay voaloton'ireo loto
Folo karazana ireo loto :

1-fivalanan-dranon'ny olombelona na ny fivalanan-dranon'ireo biby izay voarara tsy azo hohanina ny henany.
2-Tain'ny olombelona na ny tain'ireo biby izay voarara tsy azo hohanina ny henany.
3-Ny fatin'ireo biby izay maty tamin'ny fomba hafa, fa tsy nolentaina araka ny lalàna Islamo (charia') na dia azo hohanina aza ny henany, ary ireo biby ireo dia mifanjitsitra ny ràny rehefa lentaina izy. Anisan'izany ny fatin'ny olona mpino silamo alohan'ny hampandroana azy, fa tsy tafiditra ao anatin'izany ireo olona maty maritiora, sy ireo nandro fa ho hampiharina aminy ny lalànan'ny famonoana (Al Qisas) (Talion).
4-tsirinainan'ny olombelona na ny tsirinainan'ny biby.
5-Ny rà mivoaka amin'ny olombelona na mivoaka amin'ireo biby izay miboiboika ny ràny rehefa lentaina izy.
6-Ny alika, na velona izy na maty.
7-Ny kisoa, na velona izy na maty.
8-Ny toaka.
9-Ny olona tsy mpino, na velona izy na maty.
10-Ny hatsembohan'ireo biby izay manana fahazarana mihinana ny tain'ny olombelona.



## Ny fifindran'ny loto

Tsy mifindra ny loto raha samy maina ireo zavatra anankiroa mifampikasoka, fa amin'ny alalan'ny hamadoana no hifindran'ny loto.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Ny fivalanan-drano sy ny tain'ireo biby izay azo hohanina dia madio avokoa



Ny rà tavela amin'ny vatan'ireo biby izay voalenta araka ny lalàna Islamika, taorian'ny fivoahan'ireo rà araka ny fatra tokony ho izy dia madio ihany koa.



Ireo alika sy kisoa an-dranomasina dia madio.



# Ny silamo dia tia fahadiovana



Diovintsika amin'ny rano madio tsy mifangaro ireo zavatra maloto



Rano tsy mifangaro
Sa rano mifangaro



Rano tsy mifangaro (ma'oul-moutwlaq) : ny rano tsy mifangaro no tena azo antsoina hoe rano, izay tsy mifangaro na amin'inona na amin'inona, toy ny rano sotrointsika sy ny rano sotroin'ireo biby, ary ny rano atao amin'ny fambolena. Rano madio tsy mifangaro ny ranomasina, ny renirano, ny lakan-drano, ny vovon-drano, ny orana. Ireny rano ireny dia tonga any an-tranontsika mba ho sotrointsika na ho ampiasaintsika.



Rano mifangaro (ma'o ul-moudaf) : Ny rano mifangaro dia tsy afaka antsoina tanteraka hoe rano, raha tsy asiana fanampiny, sahala amin'ny hoe, ranon-draozy, ranom-boasary, ranon-tsavony, na zavatra hafa.



# Rano tsy mifangaro (ma'oul-moutwlaq)

Mizara roa ny rano tsy mifangaro : misy ny rano tsy mora miova (Mou'tasam), misy ny rano mora miova (Ghairil-mou'tasam).

**Ny rano tsy mora miova (mou'tasam) :** dia ny rano izay tsy maloto avy hatrany raha vao voan'ny loto, raha tsy miova ny lokony, na ny tsirony, na ny fofony noho ny loto. Ireto avy ireo rano tsy mora miova :



4-Ny ranon'orana (amin'ny fotoana ilatsahany)



3-Ny rano mandeha, toy ny renirano, sy ny lakandrano ary ny loharano




2-Ny rano amin'ny vovo



1-Ny rano betsaka : Izay mahatratra ny « Al-kour » ny habetsahany na mihoatra, ny Al-kour moa dia mahatratra 27 zehy toratelo na 36 zehy toratelo ny hadiriny na 42,875 zehy toratelo ho an'ny rano mihandrona na mihoatra izany.

**Ny rano mora miova(Ghairil-mou'tasam) :** dia ny rano maloto avy hatrany raha vao voan'ny loto, ka ny rano toy izany dia kely noho ny 27 zehy toratelo na 36 zehy toratelo na 42,875 zehy toratelo ny hadiriny ho any rano mihandrona.




# Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Ny rano mifangaro dia maloto avy hatrany raha vao voan'ny loto, na kely izy na betsaka.
-Ny rano kely dia lasa tsy mora miova (mou'tasam) rehefa mifandray amin'ny rano betsaka, mandrapahatonga azy ireo hifampisaraka
-Ny ranon'orana izay mirotsaka maro dia manadio ireo zavatra maloto ary manala tanteraka ny fototry ny loto
-Diovintsika amin'ny alalan'ny fanasana azy amin'ny rano indray mandeha ireo zavatra voan'ny loto, ary atao izay tsy ahavoan'ny loto ilay rano ampiasaina, ka atao tsy mifampikasoka amin'izany.
-Ireo fitaovana an-dakozia izay nahitana fatim-boalavo, na nisotroan'ny kisoa, na dia amin'ny tendron'ny lelany fotsiny aza dia sasantsika im-pito.
-Ny zavatra izay voaloton'ny fivalanan-dranon-jazakely mbola minono fa tsy misakafo, dia diovina amin'ny alalan'ny fanondrahana rano ny faritra voan'ny loto.
-Raha ohatra ka nolelafin'ny alika amin'ny tendron'ny lelany ny fitaovana fampiasana ao an-trano dia diovina amin'ny alalan'ny vovoka miaraka amin'ny rano, avy eo dia esorina izany ary sasana in-droa, fa raha ohatra indray ka lasa ao anatin'izany fitaovana izany ny roran'ilay alika, na izay faritra amin'ny vatany dia hosorana vovoka miaraka amin'ny rano ilay fitoavana, avy eo sasana in-telo.
-Sasana in-droa amin'ny rano madio ny lamba izay voaloton'ny fivalanan-drano, avy eo fiazana ny lamba rehefa afaka ny loto raha ohatra ka rano kely no ampiasaina. Fa raha ohatra ka loto hafa ankoatran'ny fivalanan-drano no nahavoa azy, toy ny rà ohatra, dia esorina ilay loto, avy eo sasana in-dray mandeha ilay lamba.
-Sasana in-telo amin'ny rano ny ao anatin'ny fitaovana an-trano izay voaloton'ny toaka, fa ny ety ivelany kosa sasana indray mandeha.



## Ny silamo dia tia fahadiovana

## Ny masoandro dia manadio ireo zavatra maloto :



Ny masoandro dia manadio ireo zavatra tsy mihetsiketsika fa mipetraka amin'ny tany, ary tsy afaka hafindra amin'ny toeran-kafa, toy ny trano, ny rindrina, ny lavarangana, ny tafon-trano.

## Ahoana ny fomba fanadiovan'ny masoandro ireo zavatra tsy mihetsiketsika :

Aorian'ny fialan'ny loto sy ny fanasana ny toerana nisy izany, dia manome ny tara-pahazavany ny masoandro ka lasa maina ny rano, ka noho izany tara-pahazavana izany dia lasa miala ny loto.
Fa ny vatokely, ny vovoka, ny fotaka ary ny vato izay eny ambonin'ny tany dia diovin'ny masoandro rehefa maina raha ohatra ka voaloton'ny fivalanan-drano (pipi)

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Fa ny fantsika izay mipetraka amin'ny trano, raha voan'ny loto dia tsy voadion'ny masoandro

## Ny silamo dia tia fahadiovana

## Ny ao anatin'ny olombelona dia diovina amin'ny alalan'ny fanalana tanteraka ny loto

Ny fanalana ny rà ao anatin'ny vava, na ao anatin'ny orona, na ao anatin'ny sofina, dia amin'ny alalan'ny fanesorana tanteraka izany loto izany, fa tsy ilaina ny fanadiovana azy amin'ny rano.



Ny vatan'ny biby dia madio raha vao miala eo amin'ny vatany ny loto.



## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Ny fanjaitra fanindronana ny vatan'ny olombelona dia tsy maloto raha tsy mivoaka miaraka amin'ny rà




## Ny silamo dia tia fahadiovana



Ny masoandro dia manadio ireo zavatra mipetraka tsy mihetsiketsika, anisan'izany ny vato, ny fasika, ny vovoka, ary koa ny simenitra sy ireo zavatra izay mivelatra eo aminy, ary ny tany dia tokony ho mando mba hahafahany manadio.

Ny tany dia manadio ny faladian-tongotra sy ny kiraro amin'ny alalan'ny fandehanana eo aminy, na amin'ny alalan'ny fifampikasohana, mandra-pialan'ny loto raha toa ka miraikitra eo aminy.



## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Raha toa ka avy amin'ny zavatra hafa, fa tsy avy amin'ny tany no nahatonga ny loto eo amin'ny tongotra na ny kiraro, dia tsy ho voadio.
-Izay mifampikasoka amin'ny tany ihany no voadiony amin'ny tongotra sy ny kiraro, fa ny ankoatran'izay dia tsy voadio.

## Ny silamo dia tia fahadiovana



Ny fiankianana amin'ny hafa dia manadio : ka ny olona tsy mpino izay raisina ho maloto dia lasa madio rehefa miditra silamo, ary lasa madio ihany koa ny zanany izay eo ambany fiahiany, sy taizany, raha ohatra ka izy no mikarakara akaiky izany zaza izany fa tsy olona tsy mpino.

Raha ohatra ka miova vinaingitra ny taoka dia lasa madio, ary lasa madio ihany koa ilay fitaovana izay nisy azy.






Rehefa sasana ny lamba voan'ny loto dia lasa madio, ary madio miaraka amin'izany ihany koa ilay tanana nanasa.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Rehefa avy sasana in-telo ny faty dia lasa madio, ary madio toy izany koa ny tanana izay nanasa ilay faty, sy ny toerana nanasana azy, ary ny akanjo nampiasana tamin'izany.

## Ny silamo dia tia fahadiovana



Ny Islamo dia manadio, rehefa miditra silamo ny olona iray tsy mpino dia lasa madio ny vatany, ny volony, ary ny hohony.

## Ny silamo dia tia fahadiovana

## Ny tsy fahitana ny olona iray dia manadio

Rehefa misy mpino anankiray lasa tsy hitanao, ka avy eo izy miverina indray, dia ireo zavatra noheverinao fa maloto teny aminy, na nananao fahatokisana fa maloto dia lasa madio indray tao anatin'ilay fotoana izay tsy nahateo azy, ary ianao dia tokony hahatoky fa ho dioviny izany, ka raisinao ho toy ny zavatra madio, ary tsy ilaina ny manontany azy mikasika izany.



## Ny silamo dia tia fahadiovana



### Ny fiovan-toerana dia manadio

Ireo bibikely rehefa mitsetsitra ny ràn'ny olombelona, dia lasa mijanona ao ankibony izany rà izany, ka raha vonoinao izy, dia mivoaka ao ankibony ny rà, ary lasa madio, eny fa na dia mahavoa sy mandoto ny lamba fitafy aza.

### Ny fiovana dia manadio



Rehefa miova zavatra hafa ny zavatra iray, ary miova ihany koa ireo toetoetrany sy ny anarany dia lasa madio izy, na dia naloto aza izy teo aloha. Sahala amin'ny tao aratsimika na ireo hazo maloto, rehefa dorana ka mivadika lavenona, dia lasa madio ny lavenony.

### Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Rehefa miova vinaigitra ny toaka dia lasa madio.

## Ny silamo dia tia fahadiovana



Ny rà mijanona ao amin'ny vatan'ny biby taorian'ny nandentana azy araka fomba Islamika, sy taorian'ny fivoahan'ny rà tokony hivoaka aminy dia madio.

## Ny fanakanana ny biby iray Jallal (mihinana maloton'ny olombelona) dia manadio.

Ny biby toy izany dia manana fahazarana mihinana ny dikin'ny olombelona, ary izany no antony mahavoarara ny fihinana ny henany, sy ny fisotroana ny ronony, ka lasa biby maloto, na dia anisan'ireo biby izay azo ho hanina ny henany . Fa rehefa voasakana kosa izy tsy hihinana zavatra maloto mandritra ny fotoana voafetra dia lasa miverina amin'ny maha izy azy, ka manjary madio indray ny henany, ny ronony, ny fivalanan-dranony, ny dikiny, ary ny hatsebohany.

## Zavatra tena ilaina ny fahadiovana mba hahatonga ny vavaka fanompoana (soalat) ho voaray…



## Ny loto lehibe sy ny loto kely



Zavatra anankiroa no mahatonga ny silamo tsy maintsy manadio ny tenany amin'ny alalan'ny fandroana (Ghosl) na fidiovana masina (odhou'), na tayamoum.

Ny loto lehibe : Toy ny fivoahan'ny tsirinaina, ny fadim-bolana, ny rà noho ny fiterahana, ny fandehanan'ny fadim-bolana maro mihoatra ny tokony ho izy (Al Istihada'), na lava be izany na antonony, ny fikasihana faty. Mba hidiovana amin'ny loto lehibe dia tsy maintsy mandro, ary amin'ny toe-javatra sasantsasany dia afaka manao Tayamoum.

Ny loto kely : Toy ny fivalanan-drano, ny diky, ny hetotra, ny torimaso, ny fandehanan'ny fadim-bolana mihoatra ny tokony ho izy, saingy kely (Al Istihada' al Qalil) ; mba hidiovana amin'ny loto kely dia tsy maintsy manao fidiovana masina (Odhou'), ary amin'ny toe-javatra sasantsasany dia afaka manao Tayamoum.

## Ny loto lehibe



Ny fivoahan'ny tsirinaina (Janaba): Ny fahatanterahan'izany amin'ny lehilahy dia ny fivoahan'ny tsirinaina amin'ny toavam-pananahana, ary izany ranoka izany dia mivoaka rehefa ao anatin'ny faniriana mafy ara-nofo ny lehilahy iray, mety ao anatin'ny nofy izany, na ao anatin'ny fahatsiarovan-tena. Ka rehefa ao anatin'izay faniriana mafy izay ny lehilahy dia mivoaka mifantsitsitra ny tsirinaina, ary avy eo dia malefaka sy mahazo aina ny vatana ary tony.

-Ny fivoahan'ny tsirinaina (Janaba) dia tanteraka ihany koa rehefa miray ara-nofo ny lehilahy sy vehivavy, ka tsy maintsy mandro izy roa ireo (ho fidiovana).

Rehefa mivoaka tsirinaina (janaba) ny silamo iray, dia tsy maintsy mandro mba hahafahany manao vavaka fanompoana (soalat), na Tawaf (fihodinana ny ka'aba), na fifehezana sy ireo fanompoana hafa, toy ireto manaraka ireto :

-Fikasohana ny soratra masina ao amin'ny Kor'any
-Fikasohana ny anaran'Andriamanitra masina (ALLAH) na ireo anarany hafa sy ireo toetra izay voatokana ho Azy.
-Famakiana andininy iray amin'ireo andininy mitaky fiankohofana, amin'ireto Toko (sourat) manaraka ireto : Al 'Ala'q – An-nadjm- Assadjda – Fossilat
-Fidirana amin'ny Moske na fijanonana ao, na fitondrana zavatra avy ao amin'ny Moske, na fitondrana zavatra ho any amin'ny Moske.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

- Ho an'ny olona marary dia efa Janaba izy rehefa mivoaka ny tsirinainy noho ny filany.
- Ny ranoka izay mivoaka amin'ny taovam-pananahan'ny vehivavy noho ny filana sy ny faniriana ara-nofo, ary avy eo dia malefaka sy mahazo aina ny vatany ary tony dia anisan'ny Janaba ihany koa, na dia mitovy amin'ny tsirinainan'ny lehilahy aza ny mivoaka aminy.
-Ny ranoka izay mivoaka amin'ny taovam-pananahan'ny lehilahy nefa tsy misy faniriana, ary tsy mifantsitsitra, sady tsy mahatsapa fahalefahana sy fahatoniana izy dia tsy tsirinaina, saingy izany ranoka izany dia madio fa tsy maloto, ka tsy mitaky fandroana sy fidiovana masina (Odhou').
-Ny fakana fahafinaretana amin'ny tena samy irery ka mahatonga ny fivoahan'ny tsirinaina noho ny hetaheta ara-nofo dia zavatra voarara, mila hialana lavitra.

# Ny loto lehibe

## Ny fadim-bolana :

Ny fadim-bolana dia rà mivoaka amin'ny taovam-pananahan'ny vehivavy, ary izy io dia mandeha mandritra ny fotoana voafetra araka ny mahazatra isam-bolana. Ny lokony dia mena somary manopy mainty, ary eo ampivoahana izy dia somary mafana sy mitosaka ary mahare mamirifiry kely ilay vehivavy. Izany zavatra izany no antsoina hoe fadimbolana, izay zava-mitranga amin'ny vehivavy rehefa manomboka feno sivy taona izy, ary miovaova ny taonan'ny vehivavy manomboka mandeha fadim-bolana fa tsy mitovy, anisan'ny antony mahatonga izany ihany koa ny tsy fitovian'ny faritra maro manerana izao tontolo izao. Mitohy hatrany ny fandehanan'ny fadim-bolana mandrapahatonga ny vehivavy feno enimpolo taona, fa amin'ny akampobeny dia eo amin'ny fahadimampolo taonan'ny vehivavy eo ho eo no mijanona ny fandehanan'ny fadim-bolana.
Ny rà mivoaka amin'ny vehivavy alohan'ny fahafenoany sivy taona, sy aorian'ny enimpolo taona dia tsy raisina ho toy ny fadim-bolana.

# Tandremo

Ny fotoana fohy indrindra amin'ny faharetan'ny fadim-bolana dia telo andro, ahitana alina anankiroa, ary ny fara-faharetany dia folo andro. Raha latsaky ny telo andro na mihoatra ny folo andro dia efa tsy raisina ho toy ny fadim-bolana intsony.
Ny fotoana manelanelana ny fadim-bolana anankiroa dia tsy tokony ho latsaky ny folo andro.

# Fahazarana ara-potoana

Rehefa voafaritra tsara ny fotoana ahatongavan'ny fadim-bolan'ny vehivavy in-droa mifanesy tao anatin'ny roa volana na mihoatra izany dia izay no antsoina hoe fahazarana ara-potoana.

## Fahazarana araka ny isa

Ity fahazarana ity dia mifototra indrindra amin'ny fiverimberenan'ny fadim-bolana, arakaraky ny isany, fa tsy ny fotoana ahatongavany, ary izany dia miverina amin'ny toetoetry ny fadim-bolana.

## Fahazarana mikorontana

Ity fahazarana ity indray dia tsy mamaritra fotoana na isa, fa ny fomba ahafantaran'ny vehivavy ity tranga iray ity dia ny fahitany ny endriky ny rà izay mitovy endrika amin'ny ràn'ny fadim-bolana, amin'ny lokony, sy ny fivoahana izay mitosaka, sady mamirifiry no mafana. Anisan'ny fomba ahafantarana azy ihany koa ny faharetany izay mihoatra ny telo andro.

## Ireo asa fanompoana izay tsy azon'ny vehivavy atao rehefa tonga fadim-bolana izy

-Tsy mahazo manao vavaka fanompoana (soalat) ny vehivavy tonga fadim-bolana, ary tsy manonitra izany.
-Tsy mahazo manao fifehezana ny vehivavy tonga fadim-bolana, saingy tsy maintsy manonitra ireo fifehezana tsy nataony nandritra ny volana Ramadan, na ireo fifehezana nataony voady sy ireo hafa ankoatra izany.
-Tsy mahazo manao Tawaf (fihodinana ny ka'aba) amin'ny fivahiniananana masina (hadj) ny vehivavy tonga fadim-bolana.
-Tsy mahazo miditra amin'ny Moske, na misafo ny anaran'Andriamanitra, na mamaky ireo andininy mitaky fiankohofana amin'Andriamanitra, na misafo ireo andininy ao amin'ny Kor'any ny vehivavy tonga fadim-bolana.

Rehefa avy nanatanteraka fandroana ny vehivavy iray dia tokony miverina manao vavaka fanompoana (soalat), mifehy, sy manao ireo asa fanompoana hafa izay nahavoarara azy nandritra ny fadim-bolana.

# Ny loto lehibe

## Rà mivoaka noho ny fiterahana (Nifass)

Ny « Nifass » dia rà mivoaka amin'ny taovam-pananahan'ny vehivavy rehefa miteraka izy na aorian'izany ; ka amin'izay fotoana izay dia antsoina hoe, mivoaka rà noho ny fiterahana ny vehivavy iray (Nofasa'a).

## Ny faharetan'ny rà mivoaka noho ny fiterahana (nifass)

Ny faharetan'ny « Nifass) dia mety ho fotoana fohy (minitra sy segaodra vitsy) ao anatin'ny fiterahana, ary raha lava indrindra dia mety haharitra folo andro.

Ireo karazana rà mivoaka noho ny fiterahana (Nifass)

-Ny vehivavy izay fantatra fa ny faharetan'ny fivoahan'ny rà eo aminy dia maharitra folo andro, dia mazava loatra fa ny rà izay mivoaka mandritra izany fotoana izany dia Nifass (rà mivoaka noho ny fiterahana)
-Izay mihoatra ny folo andro ny faharetan'ny fivoahan'ny ràny, ary izy dia fantatra fa anisan'ireo vehivavy manana fahazarana araka ny isa amin'ny resaka fadim-bolana (dimy andro ohatra), dia raisina ho toy ny « Nifass » ny faharetan'ny fahazarana izay efa nananany, ka izay mihoatra izany dia raisina ho toy ny rà mandeha mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al istihada')
-Ireo izay fantatra fa mihoatra ny folo andro ny fivoahan'ny rà eo aminy, ary izy tsy manana fahazarana araka ny isa amin'ny fadim-bolana, dia raisina ho folo andro ny faharetan'ny rà mivoaka noho ny fiterahana (Nifass).

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Ireo vehivavy mandeha rà noho ny fiterahana, raha ohatra ka mbola mahita rà mivoaka izy ireo aorian'ny folo andro, dia rà mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy izany (Istihada)
-Izay zavatra rehetra tsy azon'ny vehivavy tonga fadim-bolana atao, dia tsy azon'ny vehivavy mivoaka rà noho ny fiterahana (Nofasa'a) atao ihany koa, raha tsy mandro izy, ka aorian'izany izy izay vao manao ireo asa fanompoana takiana aminy.

## Ny loto lehibe

# Ny rà maro mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Kathir)

Ny rà maro mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy dia mazava loatra fa rà mivoaka amin'ny taovam-pananahan'ny vehivavy, izay amin'ny akampobeny dia somary manopy mavo ny lokony sady matsatso, ary izy rehefa mivoaka dia tsy mandre fangirifirina ny vehivavy. Tsy rà avy amin'ny fadim-bolana izy na rà avy amin'ny fiterahana (Nifass), na rà mivoaka noho ny ratra izay nahavoa ilay vehivavy amin'ny faritra izay hivoahan'izany.

# Ireo karazana rà mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha)

Amin'ny alalan'ny fampiasana vovo ho fanetsemana ny rà no ahafahana mamaritra ny rà mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha)

- Ny rà maro mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Kathir) : Rehefa feno rà ny vovo izay nampiasaina ary mihoatra izany, dia izay no ahafantarana fa rà maro mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Kathir) no mahazo ilay vehivavy

-Ny rà antonony mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Moutawasit) : Rehefa feno rà ny vovo izay nampiasaina ary tsy mihoatra izany, dia izay no ahafantarana fa rà antonony mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Moutawasit) no mahazo ilay vehivavy.

-Ny rà kely mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Qalil) : Rehefa mampiova ny lokon'ny vovo ny rà, fa tsy mahafeno azy, dia izay no ahafantarana fa rà kely mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Qalil) no mahazo ilay vehivavy.

## - Ny rà maro mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Kathir) :

Amin'ity tranga iray ity dia mandro foana ny vehivavy isaky ny hanao vavaka fanompoana (soalat), ka azony atao ny mandro indray mandeha raha ohatra ka atambany ny fanatanterahana ny vavaka fanompoana atoandro sy folakandro (soalatou-zohr, sy soalatoul-asr), torak'izany koa amin'ny soalatoul-maghrib sy Icha. Fa raha ohatra kosa ka tanterahany misaraka izy ireo dia tsy maintsy mandro izy isaky ny hanatanteraka vavaka fanompoana (soalat) tsirairay, izany no ataony rà mitohy ny fandehanan'ny rà, fa raha ohatra kosa ka nandro izy tamin'ny vavaka fanompoana (soalat) iray,ka nijanona tsy nandeha ny rà mandrapahatongan'ny vavaka fanompoana (soalat) iray hafa, dia tsy ilaina ny hanatanterahany fandroana iray vaovao.

## -Ny rà antonony mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Moutawasit) :

Amin'ity tranga iray ity indray dia manao fidiovana masina (Odhou') fotsiny ny vehivavy isaky ny hanao vavaka fanompoana (soalat), saingy mila mandro indray mandeha isan'andro izy amin'ny maraina, alohan'ny hanatanterahany ny fidiovana masina (Odhou')

## -Ny rà kely mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Qalil) :

Amin'ity tranga iray ity dia ampy ny fanaovana fidiovana masina (Odhou') isaky ny hanao vavaka fanompoana (soalat), saingy tsy maintsy diovina ny faritra nivoahan'ny rà sady soloina ihany koa ny vovo.

# Ireo lalàna mikasika ny rà mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha)

-Tokony mandro isaky ny hanao vavaka fanompoana (soalat) ny vehivavy tratran'izany tranga izany, raha ohatra ka rà maro mihoatra amin'ny tokony ho izy no mivoaka aminy, ary mila dioviny ny faritra voan'ny loto aorian'ny fijanonan'ny rà. Fa raha kely indray ny rà mivoaka aminy na antonony, dia mila manao fidiovana masina (Odhou') fotsiny izy, isaky ny hanao soalat.
-Tsy mahazo misafo ireo andininy masina ao amin'ny kor'any ny vehivavy tratran'izany tranga izany.
-Mahazo miditra amin'ny Moske izy, ary afaka mamaky ireo andininy mitaky fiankohofana
-Afaka manatanteraka fifehezana ara-dalàna ny vehivavy mandeha rà mihoatra amin'ny tokony ho izy, na kely izany (Al Istihadha al Qalil), na antonony (Al Istihadha al Moutawasit), fa ho an'ny mandeha rà maro kosa (Al Istihadha al Kathir), dia tsy maintsy manao fandroana.



# Ny loto lehibe

## Ny fahafatesana



Ny fahafatesana dia loto mitaky fampandroana ny vatan'ny olombelona. Rehefa miala amin'ny vatan'ny olombelona ny fanahiny ka maty izy, dia tsara (moustahab) raha hakipy ny masony, hakombona ny vavany, hatsotra ny tanany, sy ny tongony anankiroa, ary rakofana lamba ny vatany. Manaraka izany dia tsara raha hamakiana kor'any izy, ary atao mazava ny efitrano izay hametrahana azy. Hampahafantarina ireo mpino silamo ny fahafatesany, mba hahatonga azy ireo ho avy hanatrika ny fandevenana azy. Tokony hafainganiny ny fandevenana ny faty, na dia zazakely ambohoka aza izy, ary tsy voatery (wajibo) ny fanaovana soa-lat ny zaza ambohoka sy ny zazakely, ary tsy amporisihana ihany koa (moustahab).

## Iza no manasa ny faty ?

Ny lehilahy manasa ny lehilahy, ary ny vehivavy manasa ny vehivavy, fa ny mpivady kosa dia afaka mifanasa.

Ahoana ny fanasana faty

Ny faty dia sasana in-telo :

Voalohany, amin'ny rano mifangaro amin'ny jojobie (jujubier),
Faharoa, amin'ny rano mifangaro amin'ny ravintsara (camphre)
Fahatelo, amin'ny rano tsotra

Avy eo dia hosorana ravintsara (camphre) ireo faritra amin'ny vatany mipetaka amin'ny tany rehefa manao fiankohofana, manaraka izany dia fonosona ny faty, amin'ny lamba karazany telo :

Voalohany, Al ma'zar, (izay lamba hamonosana ny faty, manomboka eo amin'ny foitra ka hatreo amin'ny lohalika)
Faharoa, Al Qamiss, (izay lamba hamonosana ny faty, manomboka eo amin'ny soroka anankiroa ka hatreo amin'ny antsasaky ny tongotra)
Fahatelo, Al 'iza'ar (izay lamba hamonosana ny vata-mangatsiaka ny maty iray manontolo, ary tokony atao lava, mba hahafahana mamoritra ny sisiny anankiroa, ambany sy ambony).
Rehefa vita izany, dia atao ny vavaka fanompoana (soalatoul-maiyt).

Vavaka fanompoana ho an'ny maty (Soalatoul-maiyt)

Tsy voatery hanao fidiovana masina (Oudhou') ny silamo rehefa manao ity vavaka fanompoana iray ity (soalatoul-maiyt).

Ireto avy ny zavatra tsy maintsy hajaina rehefa hanao vavaka fanompoana ho an'ny maty (soalatoul-maiyt) :
-Fikasana sy famaritana ilay olona maty hanaovana soalat (lehilahy, vehivavy …)
-Ny fitsanganana
-Alohan'ny hanaovana vavaka fanompoana ho an'ny maty (soalatoul-maiyt), dia tokony efa vita avokoa ny fanasana azy, ny fanosorana ravintsara (camphre), ary ny famonosana.
-Mitodika any amin'ny Kibla ireo mpanao soalat
-Eo alohan'ireo mpanao soalat ny faty.

Ny lohan'ny maty dia amin'ny ankavanan'ireo mpanao soalat fa ny tongony kosa dia amin'ny ankavian'izy ireo.
-Tokony matory amin'ny lamosiny ny faty rehefa hanao vavaka fanompoana ho azy.
-Tsy tokony hisy zavatra hanelanelana ny faty amin'ireo mpanao soalat
-Tokony manome alalana ny mpivavaka (mpanao soalat) hivavaka ho an'ilay faty izay tompon'andraikitra mivantana amin'izany.
-Ireo mpanao soalat dia tokony manao Takbirat, tonombavaka sy fangatahan-pitahiana, ary fahatsiarovana sy fiderana an'Andriamanitra.

## Ny fomba fanaovana « Soalatoul-maiyt »

التكبيرة الأولى: أَشْهَدُ أَنْ لاَ إِلَهَ إِلَّا اللهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ و أَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّداً عَبْدُهُ و رَسُولُهُ

أَرْسَلَهُ بِالحَقّ بَشِيْراً وَ نَذِيْراً بَيْنَ يَدَي السَّاعَةِ

التكبيرة الثانية: أَللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ وَبَارِكْ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ وَارْحَمْ مُحَمَّداً وآلَ مُحَمَّدٍ

كَأَفْضَلِ مَا صَلَّيْتَ وَ بَارَكْتَ وَتَرَحَّمْتَ عَلَى إِبْرَاهِيْمَ وَآلِ إِبْرَاهِيْمَ إِنَّكَ حَمِيْدٌ مَجِيْدٌ

وَصَلِّ عَلَى جَمِيْعِ الأَنْبِيَاءِ وَ المُرْسَلِيْنَ

التكبيرة الثالثة: أَللَّهُمَّ اِغْفِرْ لِلْمُؤْمِنِيْنَ وَ المُؤْمِنَاتِ والمُسْلِمِينَ والمُسْلِمَاتِ الأَحْيَاءِ مِنْهُمْ وَالأَمْوَاتِ وَتَابِعْ بَيْنَنَا وَ بَيْنَهُمْ بِالخَيْرَاتِ إِنَّكَ مُجِيْبُ الدَّعَوَاتِ إِنَّكَ عَلَى كُلِّ شيءٍ قَدِيْرٌ

التكبيرة الرابعة: أَللَّهُمَّ إِنَّ هَذاَ عَبْدُكَ وَابْنُ عَبْدِكَ وَابْنُ أَمَتِكَ نَزَلَ بِكَ وَأَنْتَ خَيْرُ مَنْزُوْلٍ بِهِ أَللَّهُمَّ إِنَّا لاَ نَعْلَمُ مِنْهُ إِلاَّ خَيْراً وَأَنْتَ أَعْلَمُ بِهِ مِنَّا أَللَّهُمَّ إِنْ كَانَ مُحْسِناً فَزِدْ فِي إِحْسَانِهِ وَإِنْ كَانَ مُسِيئاً فَتَجَاوَزْ عَنْهُ وَاغْفِرْ لَهُ أَللَّهُمَّ اجْعَلْهُ عِنْدَكَ أَعْلَى عِلِّيِّيْنَ واخْلُفْ عَلَى أَهْلِهِ فِي الغَابِرِيْنَ وَارْحَمْهُ بِرَحْمَتِكَ يَا أَرْحَمَ الرَّاحِمِيْنَ

التكبيرة الخامسة: ينصرف

وَإِذا كان الميت أُنْثىً قال المصلي:

التكبيرة الرابعة: أَللَّهُمَّ إِنَّ هَذِهِ أَمَتُكَ وَابْنَةُ عَبْدِكَ وَابْنَةُ أَمَتِكَ نَزَلَتْ بِكَ وَأَنْتَ خَيْرُ مَنْزُوْلٍ بِهِ أَللَّهُمَّ إِنَّا لاَ نَعْلَمُ مِنْهَا إِلاَّ خَيْراً وَأَنْتَ أَعْلَمُ بِهَا مِنَّا أَللَّهُمَّ إِنْ كَانَتْ مُحْسِنَةً فَزِدْ فِي إِحْسَانِهَا وَإِنْ كَانَتْ مُسِيئَةً فَتَجَاوَزْ عَنْهَا وَاغْفِرْ لَهَا أَللَّهُمَّ اجْعَلْهَا عِنْدَكَ أَعْلَى عِلِّيِّيْنَ واخْلُفْ عَلَى أَهْلِهَا فِي الغَابِرِيْنَ وَارْحَمْهَا بِرَحْمَتِكَ يَا أَرْحَمَ الرَّاحِمِيْنَ

التكبيرة الخامسة: ينصرف



## Ahoana ny fandevenana ny maty

Halevina any ambanin'ny tany anaty lavaka ny razana, matory mihorirana amin'ny ankavanana, ary mitodika amin'ny Qibla.

## Aorian'ny fandevenana ny maty

Azon'ny mpino silamo atao tsara ny mitondra fanamaivanana ny razan'izy ireo, amin'ny alalan'ny fanolorana fanomezana ho an'ny hafa (Swadaqa), toy izany koa ny fanaovana soalat roa raka'at ho azy, izay toy izao manaraka izao :
Amin'ny raka'at voalohany, dia mamaky ny souratoul-Fatiha miaraka amin'ny andinin'ny seza fiandrianana (Ayatoul-korsi), amin'ny raka'at faharoa dia mamaky ny souratoul-fatiha miaraka amin'ny toko ny lahatra (Al Qadr), izay vakiana impolo. Rehefa tapitra ny soalat, aorian'ny fanaovana « salam » dia miteny ilay mpino silamo avy nanao izany soalat izany hoe : « Andriamanitra ô ! Tahio Mohammad sy ny fianakaviany, ary alefaso any amin'ny fasan'i (anaran'ny maty…)ny valisoan'izany soalat izany.

## Ny fandroana noho ny fikasihana faty

Izay rehetra nikasika faty, sady efa nangatsiaka ny vatan'ny razana, ary tsy mbola vita fampandroana dia tsy maintsy mandro, na nisy hamandoana izany na tsy nisy. Ary raha tsy manao izany izy, dia mitovy amin'ny olona maloto.


# Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Raha nidaosin'ny fahafatesana ny lehilahy iray manambady dia tsy maintsy mifehy tena miandry tsy manambady mandritra ny efa-bolana sy folo andro ilay vehivavy maty vady, ary tsy dia tsara mivoaka amin'ny tranony loatra izany vehivavy izany, raha tsy noho ny antony tsy azo anoharana, ary izy dia tsy mahazo manao haingo, …….. ary manao ranomanitra sy ireo zavatra hafa.

-Ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy maintsy mifehy tena miandry tsy manambady roa taona aorian'ny fiterahany, na afaka efa-bolana sy folo andro aorian'ny nahafatesan'ny vadiny.



# Ny silamo dia manatanteraka ireo vavaka fanompoana (soalat) tsy maintsy tanterahana, ary manao fidiovana masina (Oudhou') alohan'ny hanao soalat



Ny Moske dia toerana natao hanaovan'ny silamo fanompoana, sy hivorian'ireo mpanao soalat. Afaka mivavaka amin'ny toerana rehetra izay madio ny mpino silamo, ary tokony ho madio ihany koa ny akanjo hanaovany entiny mivavaka.

# Tsy maintsy manao fidiovana masina (Oudhou') alohan'ny hanao soalat

Tsy maintsy manao fidiovana masina (Oudhou') alohan'ny hanao soalat, toy izany koa alohan'ny hikasika ireo andininy ao amin'ny boky masina kor'any, sy ireo anaran'Andriamanitra.




Ny rano hanaovana fidiovana masina (Oudhou') dia tokony ho madio sady tsy mifangaro. Ireto avy ireo faritra amin'ny vatantsika voakasika amin'ny fanaovana Oudhou' :




-Tarehy
-volo
-Tanana anankiroa
-Tongotra anankiroa

Tokony ho madio ireo faritra ireo, ary ny rano ampiasaina hanaovana fidiovana masina (Oudhou') dia tsy tokony ho rano nalaina ankeriny na tsy nahazoana alalana tamin'ny tompony.

# Toy izao no fanaovantsika fidiovana masina (Oudhou')



-Manao fikasana hanao oudhou' aho mba hanakaikezako an'Andriamanitra ilay Avo indrindra.



-Sasako ny tarehiko, avy any ambony midina mankaty ambany, manomboka eo amin'ny fara-fitsirian'ny volo ka mandrapahatonga eo amin'ny saoka.



-Sasako ny tanako anankiroa manomboka eo amin'ny kiho ka hatrany amin'ny lohan-dratsantanana. Ny tanako ankavanana no sasako voalohany, avy eo ny tanako ankavia.



-Safoiko amin'ny felan-tanako ankavanana (mando) ny tampondohako, avy any ambony mankaty ambany.



-Safoiko amin'ny tanako ankavanana izay mbola mando ny tampon-tongotro ankavanana, ary safoiko amin'ny tanako ankavia izay mbola mando ny tampon-tongotro ankavia.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy


-Tokony ho tandrovako tsara ny filaharana (tartib) sy ny fitohizan'ny Oudhou' (al mowalat) izay ataoko, fa tsy tokony mijanojanona, satria lasa maina ireo faritra efa nosasana, ka hanimba ny fidiovana masina (Oudhou') izay ataoko izany.
-Izaho ihany no manao Oudhou' ny tenako afa-tsy amin'ny tranga izay tsy azo hanoharana.
-Tandrovako tsara mba tsy hisy zavatra hanakana ny fahatongavan'ny rano amin'ireo faritra hanaovana Oudhou', toy ny varinesy (verni) hahosotra amin'ny hoho-tanana ohatra, na ditin-javatra, na menaka sy ireo zavatra hafa izay manakana ny fahatongavan'ny rano amin'ny hoditra.



-Azoko atao tsara ny manao soala-toul-maghrib (vavaka fanompoana atao amin'ny filentehan'ny masoandro) amin'ny fidiovana masina (Oudhou') izay nataoko tamin'ny Soaltou-zohr, sy Asr,(vavaka fanompoana amin'ny atoandro sy amin'ny folakandro) raha ohatra ka tsy mbola tapaka ny Oudhou'-ko

## Fantatrao ve ireo zavatra manapaka ny fidiovana masina (Oudhou') ?

-Rehefa avy nivoaka ianao tany amin'ny toerana fanaovana izany dia tapaka ny Oudhou'nao, izany hoe nandefa filavanan-drano, na diky, na rivotra eny fa na dia kely aza izany dia manapaka ny oudhou' .
-Manapaka ny Oudhou' ny rà antonony mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Moutawasit), sy ny rà kely mivoaka mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihadha al Qalil), ary ny fivoahan'ny tsirinaina (Janaba), sy ireo zavatra rehetra mitaky fandroana.



-Manapaka ny Oudhou' ihany koa ny torimaso, ny fahatoranana, ny tsy fahatsiarovan-tena, na inona mety ho antony.



## Moa ve izaho misy Oudhou' sa mbola tsy nanao Oudhou'



Raha ohatra ka tsaroanao fa nanao Oudhou' ianao, avy eo nisalasala hoe tapaka ve izany Oudhou'ko izany sa tsia, dia aoka ianao tsy hisalasala fa misy oudhou'.



Raha ohatra ka tsaroanao fa tsy nanao oudhou' ianao, na tsaroanao fa tapaka ny oudhou' nao, avy eo indray ianao nisalasala hoe, efa nanao Oudhou' ve izaho sa tsia, dia aza misalasala intsony fa mbola tsy nanao oudhou' ianao.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Azoko atao tsara ny manao soalat maromaro amin'ny Oudhou' anankiray, raha ohatra ka mbola tsy tapaka ny oudhou'ko.
-Rehefa avy nanao Oudhou' ianao, avy eo nisalasala hoe mety ve iny oudhou'ko iny sa tsia, dia aoka tsy hisalasala intsony fa mety ny oudhou'nao.

Ny mpino silamo dia manadio ny tenany ary mandro noho ny fivoahan'ny tsirinaina (Janaba)

Misy karazany roa ny fandroana



Misy ny fandroana « Al ghousl al Irtima'siy » : izay fampidirana ny vatana iray manontolo anaty rano

Misy ny fandroana « Al ghousl at-tartibiy » : izay manomboka amin'ny fanasana ny loha, ny sofina, ny hatoka izay mitohy amin'ny vatana. Manaraka izany dia sasana ny vatana, izay hatomboka amin'ny ilany ankavanana, ary hatao mipaika hatrany amin'ny hatoka, ary ampahany kely amin'ny ilany ankavia. Rehefa vita ny ankavanana, dia atao indray ny ilany ankavia, sy ampahany kely amin'ny ilany ankavanana, ary ampahany kely mampitohy amin'ny hatoka. Azonao atao ihany koa ny manondraka rano indray mandeha ny vatanao iray manontolo, aorian'ny fanasanao ny lohanao sy ny hatokao.



## Ireo fepetra amin'ny fandroana



-Fikasana
-Fahadiovan'ny rano ampiasaina, ary tsy tokony ho nalaina ankeriny na tsy nahazoana alalana tamin'ny tompony
-Tokony ho efa madio ny vatana
-Atao mifanesy ny fanasana ny faritra amin'ny vatana (Tartib)


- Ilay olona mandro ihany no manasa ny vatany, raha tsy hoe marary izy.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Tsy takiana ny fanasana ny ratsam-batana avy any ambony midina mankany ambany amin'ny fandroana (Ghousl).
-Tsy takiana ihany koa ny fanaovana izany mifanesy.
-Takiana ny fahatongavan'ny rano amin'ny hodi-doha, fa tsy ampy fotsiny ny fanasana ny volo.
-Ny fandroana noho ny fivoahan'ny tsirinaina (janaba) dia mahasolo ny fidiovana masina (Oudhou')
-Mila hanaovana fikasana manokana ny fandroana amin'ny andro zoma, na dia nanao fandroana maro aza ny mpino silamo.
-Takiana ny fanesorana ny loto rehetra amin'ny vatana alohan'ny fandroana (Ghousl).
-Takiana ny fanesorana ireo zavatra rehetra manakana ny fahatongavan'ny rano eny amin'ny hoditra alohan'ny hanatanterahana ny fandroana, (toy ny dity na zavatra hafa…)

# Ireo fandroana tsy maintsy atao (wajibou), ireo fandroana tsara atao fa tsy voatery (Moustahab)

## Ireo fandroana tsy maintsy atao (wajibou) :



Fandroana noho ny fivoahan'ny tsirinaina (Ghousloul-janaba) – fandroana noho ny fadim-bolana – fandroana noho ny fahafatesana – Fandroana noho ny fivoahan'ny rà amin'ny fiterahana – fandroana noho ny fivoahana rà mihoatra amin'ny tokony ho izy (Al Istihada') – Fandroana noho ny fikasihana faty.

## Ireo fandroana tsara atao (Moustahab) :

-Ny fandroana amin'ny andro zoma – Ny fandroana noho ny fanaovana « Ihram » amin'ny fivahinianana masina – ny fandroana amin'ny alina voalohany,  alina fahafito ambinifolo, alina fahasivy ambinifolo, alina faha iraikambiroapolo, alina faha telo ambiroapolo, alina faha efatra ambiroapolo amin'ny volana Ramadhan – Ny fandroana amin'ny andro Eid, Eidoul-Fitr, sy Eidoul-Adha – Ny fandroana amin'ny andro fahavalo sy fahasivy amin'ny volana Zhoul-Hidja – Fandroana noho ny fanaovana Istikhara – Fandroana noho ny fangatahana ranon'orana (Al Istisqa') – Fandroana noho ny fidirana ao Makka – Fandroana noho ny famangiana ny ka'aba – Fandroana noho ny fidirana ny moske ny Mpaminany (saws).

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Ny fandroana izay voaporofo mazava ny maha tsy maintsy tanterahana azy (wajibo) na tsara atao (Moustahab), dia mahasolo ny Oudhou'.
-Alohan'ny hanao fandroana noho ny fivoahan'ny tsirinaina (Janaba) ny lehilahy, dia tsara raha manao fivalanan-drano izy mba hivoahan'ny tsirinaina tavela ao.

Manao Tayamoum ny mpino silamo mba ho fanadiovana raha ohatra ka misy zavatra manakana azy tsy ahafahany mampiasa rano.

Ny tayamoum dia mahasolo ny fandroana na ny fidiovana masina (Oudhou') na izy roa ireo miaraka

Rahoviana ny mpino silamo iray no manao tayamoum ?

-Rehefa tsy ampy ny rano hanaovany fandroana na Oudhou'.
-Raha ohatra ka tsy afaka tonga any amin'ny toerana misy rano ny silamo iray, noho ny aretina mahazo azy, na ihany koa nalaina ankeriny na tsy nahazoana alalana tamin'ny tompony ny rano, na ny fitaovana misy ny rano no nalaina ankeriny, na noho ny fatahorany ny zavatra hihatra amin'ny tenany, sy ny harenany ary ny voninahiny.
-Raha ohatra ka kely ny rano, na izy hanaovana Oudhou' fotsiny, na hosotroina fotsiny, nefa ny mpino ao anatin'ny hetaheta, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy havela ho an'ny fisotroina izy, fa tsy hanaovana Oudhou'.
-Raha ohatra ka efa kely ny fotoana, ho an'ny fanatanterahana soalat, tsy ahafahana manao fandroana (Ghousl) sy fidiovana masina (Oudhou') intsony, dia ny Tayamoum no atao.
-Raha ohatra ka maloto ny rano, ary manenligelina sy miteraka fahasarotana ny fampiasana azy, dia ny tayamoum no atao.
-Raha ohatra ka miteraka olana eo amin'ny fahasalamana ny fampiasana rano amin'ny fanaovana Oudhou', noho ny antony ratra ohatra, na fahatapahana, na may amin'ny ratsam-batana, sns… amin'izay fotoana izay dia ny tayamoum no atao.

Amin'inona no hanaovan'ny mpino silamo taya-
moum ?

Amin'ny zavatra ety ambonin'ny tany no hanaovan'ny mpino silamo tayamoum, toy ny tany, fasika, vato sy izay mitovy amin'izany, saingy tsy maintsy madio, ary tsy nalaina ankeriny,

Ahoana ny fanaovantsika Taya-
moum ?



- Raha ohatra ka misy peratra eny amin'ny tananao na zavatra mitovy amin'izany dia tsy maintsy esorina.

-kapohy indray mandeha amin'ny tany ny felan-tananao.

-Avy eo dia hatambaro ny tananao roa mba hahafahany misafo ny faritra manelanelana ny volon-doha sy orina, ka manaraka izany dia safoy amin'ny felan-tananao roa ny handrinao.



- Aorian’izany, dia safoy amin’ny felan-tananao havia ny tananao ankavanana, manomboka eo amin’ny hatotanana ka hatrany amin’ny lohan-dratsan-tanana. Torak’izany koa no atao amin’ny tanana ankavia, saingy ny ankavanana no misafo ny ankavia.






## Tandremo ! fa misy fepetra ny fanatanterahana ny tayamoum.

-Tokony misy sakana eken’ny lalana ara-pinoana (Charia’) tsy ahafahan’ny silamo iray manao fandroana (Ghousl) na fidiovana masina (Oudhou’), amin’ny fotoana izay efa tokony hanaovana soalat, na amin’ireo asa fanompoana hafa izay mitaky fahadiovana, (amin’izay fotoana izay dia azo atao ny tayamoum)
-Manao fikasana hanao tayamoum, mba hanatonana an’Andriamanitra ilay Avo indrindra (Qorbatan lilahy ta’ala)
-Tsaratsara kokoa raha misy miraikitra eny amin’ny tananao ny vovoka na ny fasika sy ireo zavatra hafa izay nanaovanao tayamoum.
- Ny fisafoana ny handrina dia tokony atao avy any ambony midina mankaty ambany.
-Ianao ihany no manao ny tayamoum amin’ny tenanao.
-Tokony mitohy ny fanatanterahana ireo zavatra rehetra atao ao anatin’ny tayamoum, fa tsy misaratsaraka.
-Tsy tokony misy zavatra manelanelana ny felan-tanana izay misafo amin’ireo faritra safoina.
-Tokony safoinao aloha ny handrinao, alohan’ny hisafoinao ny tananao ankavanana, ary aorian’ny tanana ankavanana vao atao ny tanana ankavia.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Ny vavaka fanompoana (soalat) izay nataoko tamin'ny tayamoum dia tsy haveriko intsony.
-Azoko atao ny manao soalat maromaro amin'ny tayamoum anankiray, raha ohatra ka mbola mipetraka ny fahazoan-dalana ahafahako manao izany.
-Ny tayamoum noho ny fivoahan'ny tsirinaina (janaba), dia mahasolo ny fandroana (ghousl) sy ny fidiovana masina (oudhou') miaraka.

## Ny famatorana na ny famehezana (Al jabira)



Izy io dia karazana fatotra na fehy ataon'ny mpino silamo amin'ny faritra maratra, na tapaka, na folaka.

### Ahoana ny fomba ataon'ny mpino silamo iray raha ohatra ka hanao fandroana (Ghousl) izy na hanao fidiovana masina (Oudhou') nefa ny iray amin'ireo ratsam-batany maratra, na folaka, na tapaka ka voatery tsy maintsy nasiana fehy na fatotra na zavatra hafa mitovy amin'izany ?

Raha azonao atao ny manala ny fehy na ny fatotra (Al Jabira) tsy misy fiatraikany ratsy, dia aleo esorina, ary sasao na safoy ny faritra tokony atao an'izany.



Fa raha ohatra indray kosa ka tsy afaka esorina ny fehy na ny fatotra (Al jabira), dia aoka ianao hanasa ny faritra manodidina ilay fatotra (Al jabira), ary safoy eo amboniny ho solon'ilay faritra voatakona.

## Tandremo, tandremo, tandremo



- Tokony ho madio eo ambonin'ilay fehy na fatatro (Al jabira) izay kasaina ho safoina.

-Tsy tokony ho nalaina ankeriny ilay fehy na fatatro (Al jabira).

-Tokony mitovy halehibe amin'ilay ratra na ilay faritra tapaka ny halehiben'ny fatotra, na mihoatra izany araka ny fomba mahazatra.

## Raha ohatra ka lehibe noho ilay ratra ny halehiben'ilay fatotra (Al jabira)



-Esoriko ilay fatotra mihoatra, ary sasako na safoiko eo amin'izany faritra izany, arakaraky ny zavatra takiana amiko.

-Raha ohatra ka tsy afaka esoriko ilay fatotra mihoatra, dia tsy takiana amiko ny hanatanteraka fidiovana masina (Oudhou'), fa ny tayamoum no ataoko.

- Raha ohatra ka misy fiatraikany amin'ny faritra salama ny fanesorana ilay fatotra (Al jabira) mihoatra, fa tsy misy fiatraikany amin'ny faritra marary, dia manao tayamoum no tokony atao, ho solon'ny Oudhou', raha ohatra ka tsy amin'ny faritra hanaovana tayamoum no misy ny fatotra (Al jabira), fa raha ohatra ka amin'ny faritra hanaovana tayamoum no misy azy, dia atambatra izy roa ireo, izany hoe, sady manao Oudhou' no manao tayamoum

-Fa raha ohatra ka ny fanesorana ilay fatotra mihoatra misy fiatraikany amin'ilay faritra marary, dia manao fidiovana masina « Oudhou' » ihany izy fa safoiny ilay fatotra (Al jabira).

# Tsy tokony ho adinoko mihitsy



- Raha ohatra ka ahitana ratra amin'ny faritra hanaovako fidiovana masina (Oudhou') ary tsy misy fatotra ho fitsaboana ny fery, fa ny rano dia misy fiatraikany aminy, dia ny manodidina azy ihany no sasako, fa ny faritra misy fery kosa tsy sasako. Fa amin'ny fandroana (ghousl) indray :

-Raha ohatra ka misy fahatapahana miseho amin'ny tanako na ny tarehiko, fa tsy misy ratra, nefa ny rano dia misy fiatraikany ratsy aminy, dia hovaiko tayamoum ny fidiovako fa hajanoko kosa ny fandroana (Ghousl).

-Raha ohatra indray ka miseho amin'ny faritra safoina ny ratra, toy ny loha, na ny tongotra, dia ny tayamoum no ataoko.

-Raha ohatra ka misy ratra na fery hitamaso, rehefa hanao fandroana, dia afaka misafidy izy, na hampandro na hanao tayamoum ilay faritra misy ratra, fa raha tapaka kosa dia ny tayamoum no atao.


## Tsy tokony ho adinoko mihitsy ny soalat tsy maintsy atao




- Manao vavaka fanompoana (soalat) in-dimy isan'andro aho.
-Manao vavaka fanompoana amin'ireo tranga miavaka miseho aho.
-Manao vavaka fanompoana amin'ny fihodinana ny ka'aba tsy maintsy atao aho amin'ny fivahinianana masina ara-potoana (Hadj) sy amin'ny fivahinianana masina tsy ara-potoana (Oumra).
-Manao vavaka fanompoana ho an'ny maty aho (soalatoul-maiyt).

-Ataoko ireo vavaka fanompoana (soalat) tsy nataon'ny Raiko.
-Ataoko ny vavaka fanompoana (soalat) izay tsy maintsy atao noho ny fangataham-piarovana, noho ny voady na ny fifantana amin'ny ankavanana.

## Tandremako tsara alohan'ny hanao soalat :



-Ny ora fanaovana soalat.



-Ny fitodihana (Qibla).

-Ny toerana hanaovana soalat.





-Ny akanjo ho entina manao soalat.

-Ny fahadiovana amin'ny soalat.



## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Amin'ny soalat tsy maintsy atao, dia tandremako tsara ny fitodihana (Qibla), ny toerana hanaovana soalat, ny akanjo ho entina manao soalat, ny fahadiovana, ny ora fanaovana soalat.


## Ireo soalat dimy tsy maintsy atao

### Ny soalat amin'ny maraina (soalatoul-fajr) :



**Fotoana fanaovana azy :** manomboka amin'ny vaomangirandratsy ka mandra-piposaky ny masoandro.

### Ireo soalat anankiroa amin'ny atoandro (Zohrain), (atoandro sy folakandro) (soalatou-zohr, soalatoul-asr) :



**Fotoana fanaovana azy :** aorian'ny mitataovovona ka mandra-pilentiky ny masoandro

### Ireo soalat anankiroa amin'ny alina (soalatoul-maghrib, soalatoul-Icha) :



**Fotoana fanaovana azy :** manomboka amin'ny filentehan'ny masoandro ka mandra-pahatongan'ny misasak'alina.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Rehefa lasa ny ora fanaovana soalat, nefa tsy mbola nahavita soalat aho tao anatin'ny fotoana voafaritra, dia honerako sy tanterahako tsy amin'ny fotoanany ny soalat (Qadha')

Rehefa manao soalat aho dia mitodika amin'ny « Qibla », ary izany toerana izany no misy ny ka'aba be voninahitra, any Makkal-Moukarrama no misy azy.

## Ahoana ny fomba hanatanterahako ny soalat ?

Ny soalat dia asa maromaro mitambatra ahitana andry sy zavatra maro tsy maintsy tanterahana.

## Ireto avy ireo andry takiana amin'ny fanatanterahana ny soalat :

1-Fikasana
2-Takbiratoul-Ihram
3-Fitsanganana
4-Fiondrehina
5-Fiankohofana anankiroa

Manimba ny soalat ny tsy fanaovana ny iray amin'ireo andry voalaza ireo, na fanadinoana izany, na antsitrapo.

## Toy izao no hanombohako ny soalat-ko

## Hatomboko amin'ny fanaovana « Azhan » sy « Iqamat » ny soalat-ko

## Ny Azhan (antso ho amin'ny fanatanterahana ny soalat) :

-ALLAH AKBAR (in-efatra)
-Ach-hadou anla ilaha ila ALLAH (indroa)
-Ach-hadou an-na Mohammadan rasolo-LLAH (indroa)
-Ach-hadou an-na Amiral-mou'minine aliyan waliyou-LLAH (indroa) (tsy voatery fa tsara atao) (moustahabo)
-Haiyala-soalat (indroa)
-Haiyalal-falah (indroa)
-Haiyala-khairil-amal (indroa)
-ALLAH AKBAR (indroa)
-LA ILAHA ILA ALLAH (indroa)

## Ny Iqamat (antso ho amin'ny fampitsanganana ny soalat)

-ALLAH AKBAR (indroa)
-Ach-hadou anla ilaha ila ALLAH (indroa)
-Ach-hadou an-na Mohammadan rasolo-LLAH (indroa)
-Ach-hadou an-na Amiral-mou'minine aliyan waliyou-LLAH (indroa) (tsy voatery fa tsara atao) (moustahabo)
-Haiyala-soalat (indroa)
-Haiyalal-falah (indroa)
-Haiyala-khairil-amal (indroa)
-Qad Iqamati-ssoalat (indroa)
-ALLAH AKBAR (indroa)
-LA ILAHA ILA ALLAH (indray)

Tsara (moustahab), ny filazana ny teny fijoroana vavolombelona fa Ali dia mpitarika ny mpino silamo voafidin'Andriamanitra.

Manao fikasana aho fa hanatanteraka soalat, fikasana mihainga avy ao ampoko, alohan'ny hilazako azy amin'ny lelako, mba hanakaikezako an'Andriamanitra sy hametrahako fanetre-tena eo anatrehan'Ilay Avo indrindra.



Miteny aho hoe : ALLAH AKBAR (Takbiratoul-Ihram), amin'ny feo mazava, sady mitodika amin'ny Qibla

## Ny famakiana



Mamaky ny souratoul-fatiha aho miaraka amin'ny « Bissmilahi-rrahmani-rrahim »
Avy eo dia mifidy sourat iray hafa, sourat iray vakiana tsara tsy misy diso, ary vakiana hatramin'ny farany. Toy izany no atao amin'ny raka'at voalohany sy amin'ny raka'at faharoa amin'ny soalat.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Amin'ny Raka'at fahatelo sy fahefatra farany dia azoko atao ny mamaky ny souratoul-fatiha, fa tsy mamaky sourat hafa intsony, na manao ireo teny fiderana (Tasbihat) amin'ny feo ambany.

## Toy izao no fanaovana izany teny fiderana (Tasbihat) izany :


Soubhana-ALLAH, oa Al hamdolillahy, oa la ilaha ila ALLAH, oa AL-LAH AKBAR, ato indray mandeha na in-telo, fa in-telo no tsara kokoa.

## Tandremako tsara :

Fa amin'ny soalatoul-fajr, sy amin'ny soalatoul-maghrib, ary amin'ny soalatoul-Icha, dia mamoaka feo ny lehilahy rehefa mamaky ny souratoul-fatiha sy izay sourat anankiray hafa vakiany miaraka amin'izany. Fa amin'ny soalatou-zohr sy Asr kosa dia tsy mamoaka feo. Ary ny vehivavy dia tsy mamoaka feo rehefa manao soalat.

## Anisan'ny zavatra atao ao anatin'ny soalat :


## Ny fitsanganana :



Ka tafiditra ao anatin'izany ny fitsanganana rehefa manao ny takbiratoul-Ihram, ny fitsanganana rehefa mamaky ireo sourat (toko), ny fitsanganana rehefa manao ireo teny fiderana, ary ny fitsanganana alohan'ny fiondrehana sy aorian'izany.

## Ny fiondrehana (Roukou')

Ny fiondrehana dia tanterahana aorian'ny famakiana ireo sourat anankiroa, ka ny fanaovana azy dia tsy maintsy tonga eo amin'ny lohalika ny lohan-dratsan-tanana, ary rehefa miondrika dia miteny hoe : « soubhana rabbi-alzhimo oa bihamdihi » indray mandeha, na miteny hoe « soubhana-ALLAH » in-telo, na « ALLAH AKBAR » in-telo na « Al hamdolillahy » in-telo. Rehefa vita ny fiondrehana dia miverina mitsangana indray.



## Fiankohofana (Soudjoud)



Aorian'izany dia manao fiankohofana, ary isaky ny raka'at iray dia hahitana fiankohofana anankiroa. Rehefa miankohoka dia atao mipetaka amin'ny tany ny andrina, ny felan-tanana, ny lohalika, ary ny ankihibe tongotra.

## Tsy azoko atao ny manao fiankohofana amin'ny zavatra hohanina, na zavatra tafiana,

Toy ny voankazo, na lamba voazaitra ; fa amin'ny tany na amin'ny fasika, na amin'ny vato sy amin'ny zavatra hafa mitovitovy amin'izany no azo hiankohofana. Fa ny tsara hiankohofana indrindra dia ny tany, ary ny tsara indrindra amin'izany dia ny tanin'ny Housseiniya (Tourbatou-housseiniya).

## Rehefa eo ampiankohofana dia izao no zavatra lazaina :

« Soubhana rabbi ala'la oa bihamdihi » in-telo
Na « Soubhana ALLAH » in-telo
Na « ALLAH AKBAR » in-telo
Na « Al hamdolillahy » in-telo

Aorian'ny fiankohofana voalohany, dia mipetraka, ary miverina miankohoka fanindroany indray, izay atao amin'ny endrika mitovy.

# Ny teny fijoroana vavolombelona (At-tachahoud)

Tsy maintsy manao (wajibo) teny fijoroana vavolombelona (At-tachahoud) ny mpino rehefa avy nahavita ny fiankohofana faharoa tamin'ny raka'at faharoa, amin'ny soalat rehetra, ary torak'izany ihany koa, tsy maintsy manao (wajibo) teny fijoroana vavolombelona (At-tachahoud) izy amin'ny raka'at farany amin'ny soalat rehetra.



# Toy izao ny zavatra tenenina rehefa manao At-tachahoud



« Ach-hadou an-la ilaha ila ALLAH wahdaho la charik laho, oa ach-hadou an-na Mohammadan 'abdouhou wa rasoloho ; Allahouma soaly ala Mohammadin oa 'ali Mohammad. »

## Fiarahabana (taslim)



Ny fiarahabana dia tsy maintsy atao (wajibou) amin'ny raka'at farany amin'ny soalat rehetra, ary izany dia tanterahana aorian'ny At-tachahoud. Toy izao ny zavatra lazaina amin'ny taslim :
« Assalamou alaika aiyouha-nnabiyou oa rahmatou-LLAH oa barakatouhou – assalamou alaina oa 'ala ibadiLAHY asswalihin – assalamou alaikoum oa rahmatou-LLAH oa barakatouhou »

## Anisan'ny zavatra tsara atao amin'ny soalat (moustahabat)

## Ny tonombavaka fangatahana (Al Qounout) :

Anisan'ny zavatra tsara atao (moustahab) aorian'ny famakiana ireo sourat anankiroa amin'ny raka'at faharoa alohan'ny fiondrehana, ny mampiakatra ny tanana anankiroa mba hanao fitalahoana amin'Andriamanitra, fitalahoana araka izay tiana.



## Ireo zavatra manimba ny soalat

### Tsy maintsy mamerina ny soalat-ny ny silamo iray raha ohatra ka misy zavatra anankiray amin'ireto zavatra voalaza manaraka ireto nataony :

-Raha ohatra ka hahenany antsitrapo ny soalat-ny, izany hoe misy ampahany amin'ireo andry tokony atao ao anatin'ny soalat, najanony antsitrapo.
-Raha ohatra ka tapaka ny fidiovana masina (Oudhou') noho ny fivoahan'ny loto.
-Raha ohatra ka niala tanteraka amin'ny fitodihana amin'ny kibla ny tarehy manontolo sy ny vatana manontolo antsitrapo.
-Raha ohatra ka mihomehy amin'ny feo ambony, (mivoaka feo)
-Raha ohatra ka mitomany antsitrapo noho ny zavatra mahakasika ny fiainana an-tany, na ankon'ny tomany.
-Raha ohatra ka niteny zavatra hafa ankoatran'ny soalat izy antsitrapo, eny fa na dia litera iray monja aza, afa-tsy ny famaliana arahaba.
-Raha ohatra misy zavatra hafa ataony akoatran'ny zavatra atao ao anatin'ny soalat, izay mampiova ny endriky ny soalat.
-Raha ohatra ka nihinana na nisotra antsitrapo nandritra ny fotoana nanaovana soalat.
-Raha ohatra ka nataony mifanaingina antsitrapo ny tanany anankiroa mandritra ny fitsanganana ao anatin'ny soalat.
-Raha ohatra ka niteny hoe « Amiin » antsitrapo izy aorian'ny famakiana ny souratoul-fatiha.

## Ny fisalasalana ao anatin'ny soalat

Ny fisalasalana dia tsy manimba ny soalat amin'ny tranga amin'ny akampobeny. Ka azoko atao tsara ny manintsy sy mameno ny soalat-ko



-Rehefa tapitra ny soalat-ko dia raisiko ho mety izany raha ohatra ka nisy fisalasalana tao amiko.
-Raha ohatra ka olona be fisalasalana aho, dia tsy raharahaiko ny fisalasalana tonga amiko, fa raisiko ho toy ny mety mandrakariva ny soalat-ko.


## Rahoviana no manimba ny soalat-ko ny fisalasalako.

Raha ohatra misalasala amin'ny isan'ny raka'at izy, amin'ny soalatoul-fajr (vavaka maraina) na amin'ny soalatoul-maghrib (vavaka aorian'ny filetehan'ny masoandro), na amin'ireo raka'at roa voalohany amin'ireo soalat sasany, ka tsy manana vinavina ahatokisany kokoa ahafahany maka fanapaha-kevitra.




Haveriko ny soalat-ko raha ohatra ka simba noho ny fisalasalana

Raha ohatra ka misalasala aho amin'ireo raka'at anankiroa farany, fahatelo sy fahefatra, amin'ireo soalat manana raka'at anankiefatra :



Raha ohatra ka misalasala aho, ary tsy manana vinavina ahatokisako kokoa manoloana ny fisalasalako :



-Raha ohatra ka misalasala aho amin'ireo raka'at anankiroa farany, fahatelo sy fahefatra, dia raisiko ho toy ny raka'at fahefatra izany ary taperiko ny soalat-ko. Avy eo dia manao soalat roa raka'at aho, soalat mipetraka, na manao soalat iray raka'at mitsangana, ka izany soalat izany dia antsoina hoe soalat ho fitandremana.
-Raha ohatra ka misalasala aho, hoe amin'ny raka'at fahefatra ve sa efa mihoatra amin'ny raka'at fahadimy, aorian'ny fiankohofana farany, dia raisiko ho toy ny raka'at fahefatra izany ka taperiko ny soalat-ko, ary manao fiankohofana anankiroa noho ny fanadinoana aho (sadjdati-ssahwa) aorian'ny soalat.
-Raha misalasala indray aho, amin'ny raka'at faharoa sy fahatelo, aorian'ny fiankohofana fanindroany, dia raisiko ho toy ny raka'at fahatelo izany, ary tohizako ny raka'at fahefatra.Rehefa vita izany soalat izany, dia mitsangana hanao soalat iray raka'at ho fitandremana aho.

## Ahoana ny fomba fanaovana fiankohofana noho ny fanadinoana (Soujoud-ssahwa)

Manao fikasana aho ary miankohoka avy hatrany aorian'ny fahavitako ny soalat.



Izao ny zavatra lazaiko eo ampiankohofana : « Bissmilahy oa billahy Assalamou alaika aiyouha-nnabiyou oa rahmatou-LLAH oa barakatouhou » (Amin'ny anaran'Andriamanitra, mianiana amin'Andriamanitra, ho aminao anie ny fiadanana sy ny fiantran'Andriamanitra ary ny fahasoavan'Andriamanitra ry Mpaminany ).

Aorian'ny fiankohofana dia mipetraka, ary miverina miankohoka indray. Rehefa vita ny fiankohofana fanindroany dia miverina mipetraka, ary manao ny teny fijoroana vavolombelona (At-tachahoud) sy ny fiarahabana (Taslimou).


## Rahoviana izaho no manao fiankohofana noho ny fanadinoana (Soujoud-ssahwa) ?

- Raha ohatra ka tafateny aho tao anatin'ny soalat satria variana na noho ny fanadinoana.
- Raha ohatra ka nanao teny fiarahabana (taslimou) aho noho ny fanadinoana talohan'ny fahavitan'ny soalat.
- Raha ohatra ka hadinoko ny nanao teny fijoroana vavolombelona (tachahoud) tao anatin'ny soalat.
- Raha ohatra ka tadidiko rehefa vita ny soalat-ko fa izaho dia nanampy na nanala ampahany tamin'izany.

## Ahoana ny fomba hanaovako ny soalat ho fitandremana (Soalatoul-Ihtiyat)

Rehefa vita ny soalat-ko, dia tsy mitoditodika ankavia sy ankavanana aho, fa avy hatrany dia ny manao ny « Takbir », avy eo mamaky ny souratoul-fatiha amin'ny feo iva, manaraka izany dia manao ny fiondrehana (Roukou'), mitsangana avy nanao roukou', miankohoka avy hatrany, ary aorian'ny fiankohofana fanindroany, dia mipetraka manao ny teny fijoroana vavolombelona (tachahoud), ary faranana amin'ny fiarahabana (Taslimou). Toy izany no atao raha ohatra ka raka'at iray monja no tontosaina, fa raha raka'at anankiroa kosa, dia averina ny zavatra natao tamin'ny raka'at voalohany.

## Enganie mba ho voarain'Andriamanitra



## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Rehefa mandeha lavitra aho, ka mikasa ny handeha mihoatra ny 44 km, izany hoe hanalavitra ny tanana misy ahy, mihoatra ny 44 km, dia hahenako ny soalat izay tokony ataoko ho efatra raka'at, ka ataoko ho roa raka'at. Torak'izany koa raha ohatra ka handeha tanana iray aho izay 22 km miala amin'ny tanana misy ahy, ary izaho dia mikasa ny hiverina amin'ny tanana niaviko amin'iny andro iny ihany , amin'izay fotoana izay dia hahenako ihany koa ny isan'ny raka'at ataoko amin'ireo soalat izay misy raka'at anankiefatra.
-Izay olona mpandeha lavitra ny asa ataony, izany hoe mitohy sady miverimberina dia tsy mihatra aminy intsony ny lalàna ara-pinoana mifehy ny mpandeha lavitra, fa manao soalat feno ara-dalana izy, ary tsy mahazo alalana mampihena izany.

## Vavaka fanompoana miaraka (soalatoul-Jama’at)

Raha misy olona anankiroa na mihoatra izany mitambatra hiaraka hivavaka, ary misy olona anankiray amin’izy ireo mahafeno ny fepetra hitarika ny vavaka iombonana, dia azony atao ny mandroso mitarika azy ireo, hanao vavaka miaraka, amin’izay fotoana izay dia bebe kokoa ny valisoa azo amin’Andriamanitra.



## Ireo fepetra takiana ho an’ny olona hitarika ny soalat miaraka (Imamoul-Jama’at)

-Mila olona feno taona ny mpitarika (Imam), salama saina, mpino silamo, ary mpandala ny rariny sy ny hitsiny tsy miangatra.
-Tsy misy diso ny famakiany ireo andininy amin’ny tenin’Andriamanitra.
- Teraka araka ny fomba eken’ny finoana izy (fa tsy nateraka tao anatin’ny fijangajangana).
-Lehilahy izy raha ohatra ka lehilahy ireo olona tarihiny.

## Ny fomba fanatanterahana ny vavaka fanompoana miaraka (soalatoul-Jama’at)

Rehefa manomboka ny soalat-ny ny Imam mpitarika ny vavaka iarahana amin’ny takbiratoul-ihram, dia manao toy izany koa ireo mpanaraka aty aoriana. Rehefa mamaky ny souratoul-fatiha sy izay sourat hafa vakiany aorian’izany ny Imam, dia tsy mahazo mamaky ireo mpanaraka azy aoriany. Ary rehefa miondrika (roukou) ny Imam, dia manaraka koa ireo aoriany, ary rehefa miankohoka izy dia manao toy izany koa ireo mpanaraka. Rehefa mipetraka izy dia mipetraka koa ireo mpanaraka. Ireo mpanaraka dia tokony hanao ny teny fijoroana vavolombelona (Attachahoud) sy ny fiarahabana (Taslimou) aorian’ny fanaovan’ny Imam an’izany. Tokony manao ireo teny fiderana izay vakiana mandritra ny fiondrehana sy ny fiankohofana ireo mpanaraka (Ma’moum).Torak’izany ihany koa, tokony manao ireo teny fijoroana vavolombelona (At-tachahoud), sy ireo teny fiderana izay vakiana mandritra ny raka’at fahatelo sy fahefatra ireo mpanaraka (ma’moum).

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Azon'ny vehivavy atao ny manao soalat miaraka aorian'ny lehilahy izay nahafeno ireo fepetra ho mpitarika (Imam) ny vavaka iarahana. Azon'ny vehivavy atao ny mitarika ny vavaka fanompoana izay iarahan'ireo samy vehivavy, ary ilay vehivavy mpitarika dia tokony mijoro miaraka amin'ireo vehivavy namany fa tsy mila mandroso eo anoloan'izy ireo.

# Vavaka fanompoana amin'ny andro zoma (soalatoul-joum'a)

Ny Soalatoul-joum'a dia roa raka'at mitovy amin'ny soalatoul-fajr (vavaka maraina), ary izy dia tokony hialoavan'ny toriteny anankiroa, ka mijoro eo anatrehan'ny mpivavaka ny Imam, miresaka zavatra ankasitrahan'Andriamanitra sy mahasoa ny olona.

# Ireo fepetra amin'ny fanatanterahana ny soalatoul-Joum'a

-Amin'ny ora fanatanterahana ny vavaka fanompoana atoandro (soalatou-zohr) no anaovana azy.
-mila olona miisa dimy farafahakeliny miaraka amin'ny Imam no tafavory manao izany.

Tsy maintsy tanterahana ny soalatoul-Joum'a amin'ny fotoana maha-eo ny Imam madio voafidin'Andriamanitra taranaky ny Mpaminany, na misy olona misolo azy, ka ny mpino silamo rehetra mipetraka tsy lavitra ny Moske, izany hoe tsy mihoatra ny 11 km ny halaviran'ny fonenany amin'ny moske, dia tokony hanao soalatoul-joum'a avokoa.

-Tsy voatery ny fanatrehana ny soalatoul-Joum’a raha ohatra ka tsy ny Imam madio avy amin’ny taranaky ny Mpaminany no mampitsangana izany na izay olona misolo-tena azy.
-Ny soalatoul-Joum’a izay tanterahana miaraka amin’ny Imam madio voafidin’Andriamanitra na izay misolo tena azy dia mahasolo ny soalatou-zohr.

Tandremako tsara :



Azoko atao ny mameno ireo soalat tsy vitako amin’ny fotoana izay tiako hanaovana izany.



# Ny vavaka fanompoana amin'ny tranga miavaka (soalatoul-Aiyat)

## Ny vavaka fanompoana amin'ny tranga miavaka (soalatoul-Aiyat) dia tsy maintsy (wajibo) tanterahan'ny mpino silamo rehetra ampy taona afa-tsy ny mandeha fadim-bolana sy ireo mandeha rà noho ny fiterahana.

Amin'ny fahatakonan'ny masoandro sy ny fahatakonan'ny volana na dia ampahany ihany aza, dia tsy maintsy manao soalatoul-Aiyat, torak'izany koa amin'ny fisian'ny horohoron-tany, sy ireo zava-mitranga izay mampihorin-koditra, na avy ety amin'ny tany izany na avy eny amin'ny lanitra.
Atao samy irery ny fanatanterahana ny soalatoul-Aiyat, fa azo atao ihany koa ny manao izany iarahana (jama'a) rehefa misy ny fahatakonan'ny masoandro sy ny volana miaraka.

## Ny fotoana fanatanterahana ny soalatoul-Aiyat



-Rehefa takona ny masoandro na ny volana dia manao soalatoul-aiyat, manomboka amin'ny fiatombohan'izany ka mandrapahataperany.
-Rehefa misy horohoron-tany na varatra (milatsaka) na tranga miavaka eny amin'ny lanitra mampatahotra dia manao soalatoul-aiyat avy hatrany amin'ny fotoana hitrangan'izany.

# Ahoana ny fomba fanaovana ny soalatoul-Aiyat



Ny soalatoul-Aiyat dia misy raka'at anankiroa, ary amin'ny raka'at tsirairay dia ahitana fiondrehana (roukou') miisa dimy, ka isaky ny roukou' dia manao takbir (ALLAH AKBAR), ary aorian'izany dia mamaky ny souratoul-fatiha, sy sourat anankiray hafa vakiana hatramin'ny farany.

Avy eo miondrika (manao roukou'), ka aorian'ny roukou' dia miverina mitsangana ary mamaky ny souratoul-fatiha sy sourat anankiray hafa vakiana hatramin'ny farany, dia toy izany no atao mandrapahatonga amin'ny roukou' fahadimy. Mitovy amin'izany ihany no atao amin'ny raka'at faharoa, ary dia faranana ny soalat toy ny fanaovana ny soalat amin'ny maraina (soalatoul-fajr).

Ireto tranga mety miseho :

Raha ohatra ka tsy tafanao soalatoul-aiyat ny mpino silamo iray, nefa nisy fahatakonana tanteraka ny masoandro na ny volana, dia tsy maintsy mameno izany soalat tsy vitany izany izy ; fa raha ohatra indray kosa ka ampahany ihany no takona amin'ny masoandro na ny volana dia tsy voatery mameno ny soalatoul-Aiyat izay tsy vitany izy, raha ohatra ka tao anatin'ny torimaso. Fa amin'ny horohoron-tany indray kosa na amin'ny fisian'ny varatra (milatsaka), raha ohatra ka efa lasa ny fotoana nisehoan'izany, nefa tsy tafanao soalatoul-Aiyat noho ny antony samy hafa, dia tsy manao izany intsony izy.

# Tsy tokony ho adinoko mihitsy

Ny soalatoul-Aiyat izay natao nohon'ny fahatakonan'ny masoandro sy ny volana amin'ny firenena hafa dia tsy voatery ataoko.

## Ireo soalat tsara atao fa tsy voatery (moustahab)

### Ny soalat amin'ny alina (soalatoul-lail) dia misy raka'at iraikambinifolo

Lehibe tokoa ny valisoa azo amin'ny fanatanterahana ny soalatoul-lail, ary ny fotoana tsara hanaovana izany dia amin'ny ampahatelony farany amin'ny alina ; ka isaky ny mihamanakaiky ny oran'ny vavaka maraina dia vao maika mihatsara izany.
Izy io dia atao raka'at tsiroaroa, ka isaky ny mahavita raka'at roa dia manao taslim, toy ny fatao amin'ny vavaka maraina, ary ny fitambarany dia miisa valo (8) raka'at. Rehefa vita izany dia atao ny soalatou-shaf'i roa raka'at, ary faranana amin'ny soalatoul-witr iray raka'at.

### Soalatoul-witr iray raka'at

Manao takbir, avy eo mamaky ny souratoul-fatiha, ary manaraka izany dia mamaky ny sourat taohid in-telo, ampiarahana amin'ny sourat-nnass, sy souratoul-falaq. Aorian'izany dia mampiakatra tanana mba hanao fitalahoana (Doua).

### Ireo zavatra tsara atao amin'ny soalatoul-lail (moustahabat)

Tsara raha mitomany ny mpino silamo rehefa manatanteraka ny soalatoul-lail noho ny fatahorana an'Andriamanitra ; ary mangataka famelan-keloka ho an'ny mpino silamo miisa 40, ka tanisainy mihitsy ny anaran'izy ireo. Tsara ihany koa ny mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra im-pitopolo.

## Ny soalatoul-wahsha na ny soalat amin'ny alin'ny fandevenana

Ny fotoana fanatanterahana azy dia amin'ny alina voalohany nandevenana ny maty.
Ny soalatoul-wahsha dia raka'at anankiroa, ka amin'ny raka'at voalohany dia mamaky souratoul-fatiha miaraka amin'ny Aiyatoul-korsi, ary amin'ny raka'at faharoa dia mamaky ny souratoul-fatiha miaraka amin'ny souratoul-Qadr izay vakiana impolo. Rehefa vita ny soalat aorian'ny At-tashahoud sy ny taslim, dia miteny ilay mpino avy nanao soalatoul-wahsha hoe : « Allahouma soali ala Mohammadin oa ali Mohammad oa-b'anth thawabouha ila Qabr folan » (Tompo ô tahio Mohamad sy ny fianakaviany ary alefaso any amin'ny fasan'i … « anaran'ny maty »ny valisoa amin'izany soalat izany )

## Ny soalatoul-ghoufaila

Ny soalatoul-ghoufaila dia roa raka'at, ary atao eo anelanelan'ny soalatoul-maghrib sy ny soalatoulIcha. Amin'ny raka'at voalohany dia mamaky ny souratoul-fatiha, ary aorian'izany dia mamaky ity andininy manaraka ity :

وَذَا النُّونِ إِذ ذَّهَبَ مُغَاضِبًا فَظَنَّ أَن لَّن نَّقْدِرَ عَلَيْهِ فَنَادَى فِي

الظُّلُمَاتِ أَن لَّا إِلَهَ إِلَّا أَنتَ سُبْحَانَكَ إِنِّي كُنتُ مِنَ الظَّالِمِينَ

فَاسْتَجَبْنَا لَهُ وَنَجَّيْنَاهُ مِنَ الْغَمِّ وَكَذَلِكَ نُنجِي الْمُؤْمِنِينَ

Ary amin'ny raka'at faharoa, aorian'ny famakiana ny souratoul-fatiha, dia mamaky ity andininy manaraka ity :

وَعِندَهُ مَفَاتِحُ الْغَيْبِ لاَ يَعْلَمُهَا إِلاَّ هُوَ وَيَعْلَمُ مَا فِي الْبَرِّ وَالْبَحْرِ وَمَا تَسْقُطُ مِن وَرَقَةٍ
إِلاَّ يَعْلَمُهَا وَلاَ حَبَّةٍ فِي ظُلُمَاتِ الأَرْضِ وَلاَ رَطْبٍ وَلاَ يَابِسٍ إِلاَّ فِي كِتَابٍ مُّبِينٍ

Aorian'izany dia manao fitalahoana (doua), toy izao manaraka izao :

# Soalat atao raha misy raharaha manahirana

Ity soalat anankiray ity dia misy roa raka’at ; Toy izao no voalazan’ny Imam Houssein (as) mikasika izany : « Rehefa misy zavatra manahirana anao, dia aoka ianao hanao soalat roa raka’at aorian’ny mitataovovona, ka amin’ny raka’at voalohany, dia mamaky ny souratoul-fatiha miaraka amin’ny souratoul-Ikhlas, avy eo ampiana ireo andininy manaraka ireto :

إِنَّا فَتَحْنَا لَكَ فَتْحًا مُّبِينًا
لِيَغْفِرَ لَكَ اللَّهُ مَا تَقَدَّمَ مِن ذَنبِكَ وَمَا تَأَخَّرَ وَيُتِمَّ
نِعْمَتَهُ عَلَيْكَ وَيَهْدِيَكَ صِرَاطًا مُّسْتَقِيمًا
وَيَنصُرَكَ اللَّهُ نَصْرًا عَزِيزًا

Ary amin’ny raka’at faharoa dia mamaky ny souratoul-fatiha, sy ny souratoul-Ikhlas, miaraka amin’ny sourat Ash-sharh

« أَلَمْ نَشْرَحْ لَكَ صَدْرَكَ »

## Mifehy aho amin'ny volana Ramadhan



Tsy maintsy mifehy ny mpino silamo iray raha ohatra ka :

-Raha ohatra ka hitany ny tsinambolana manam-porofo ny fahatongavan'ny volana Ramadhan.

-Raha ohatra ka nisy lehilahy anankiroa mpandala ny rariny nijoro vavolombelona fa nahita ny volana, ary tsy nisy fisalasalana izy roalahy tamin'ny fahitana izany. Tsy nisy olona ihany koa nanohitra ny fijoroan'izy ireo vavolombelona.

-Rehefa tapitra ny telopolo andro amin'ny volana sha'ban

-Raha ohatra ka efa malaza sy miparitaka eo anivon'ny fiaraha-monina fa efa niseho ny tsinam-bolana milaza ny fahatongavan'ny volana Ramadhan, ka efa mipetraka ny fahatoniana.

## Inona no dikan'ny andro fisalasalana (Yaomou-shak)

Raha ohatra ka tsy manana porofo mazava aho ahafahako manam-porofo fa manomboka androany ny volana Ramadhan na rahampitso, dia mifehy ihany aho androany fa raisiko ho toy ny fifehezana amin'ny volana sha'ban izany. Fa raha ohatra kosa ka mahita porofo marina aho, hatokisako fa nanomboka androany ny volana Ramadhan, dia hovaiko ny fikasako, ka ataoko ho fifehezana amin'ny volana Ramadhan izany. Azo atao ny tsy mifehy amin'izany andro izany, satria mbola andro fisalasalana.

Rehefa hita tsy hisalasalana fa miseho ny tsinam-bolana manam-porofo ny fidiran'ny volana Ramadhan, dia tsy maintsy mifehy avokoa ny mpino silamo rehetra hiharan'ny didy, feno taona, salama saina, mahazaka manatanteraka fifehezana, tsy nandeha lavitra fa eo antanana, mahatsiaro tena fa tsy torana na very saina.

## Iza avy ireo mpino silamo afaka manapaka ny fifehezany amin'ny volana Ramadhan ?

-Ireo vehivavy mandeha fadim-bolana sy ireo mandeha rà noho ny fiterahana (Nofassa'a)
-Ny olona marary, na ireo mangetaheta lava, ny vehivavy bevohoka, ny vehivavy mampinono raha ohatra ka misy fiatraikany aminy na amin'ilay zazakely ny fifehezana.
-Ireo olona mandeha lavitra.
-Ireo olona antitra na vehivavy na lehilahy, raha ohatra ka efa tsy zakan'izy ireo intsony ny fifehezana.

## Inona avy ireo zavatra manapaka ny fifehezana ?


-Ny fihinana sy ny fisotroana antsitrapo
-Ny fampidirana manontolo ny loha ao anaty rano antsitrapo
-Ny fandaingana antsitrapo mikasika an'Andriamanitra na amin'ny Irany (saws) na amin'ireo Imam tsy manao fahotana (as)
-Ny fanaovana firaisana ara-nofo antsitrapo, na fivetavetana amin'ny tena samy irery, na fijanonana ao anatin'ny loto (janaba) nanomboka tamin'ny alina mandrapahatongan'ny vaomangirandratsy (fajr)
-Fampidirana vovoka na setroka matevina any antenda antsitrapo.
-Ny fandoavana antsitrapo
-Fampidirana rano na ranoka antsitrapo amin'ny alalan'ny tsindrona.

Isaky ny andro tsirairay amin’ny volana Ramadhan nanapahan’ny mpino silamo ny fifehezany antsitrapo, dia tsy maintsy mameno izany izy, ary manome onitra amin’ny alalan’ny famotsorana andevo iray, na fampisakafoanana mahantra miisa enimpolo (60), na fifehezana mandritra ny roa volana mifanesy.

Fa izay nanapaka ny fifehezany kosa tamin’ny volana Ramadhan, fanapahana eken’ny lalàna ara-pinoana (Sharia), dia takiana aminy ny hanonitra izany amin’ny alalan’ny fifehezana amin’ny andro hafa araka izay tiany, afa-tsy ny andro Eid anankiroa, ka arakaraky ny isan’ny andro tsy nifehezany tamin’ny volana ramadhan ny isan’ny andro hifehezany amin’ny fotoana hafa.
Fa ireo vehivavy bevohoka sy mampinono kosa dia manome onitra izy ireo isan’andro, amin’ny alalan’ny fanomezana varim-bazaha 3 na 4 kg.

Manao fifehezana tsara atao (moustahab) ihany koa isika amin’ny fotoana hafa ankoatran’ny volana Ramadhan.

-Telo andro isam-bolana, ka ny fotoana tsara hanaovana izany dia ny andro alakamisy voalohany amin’ny volana, sy ny alakamisy farany amin’ny volana, ary ny andro alarobia voalohany amin’ny folo andro faharoa amin’ny volana.
-Fifehezana amin’ny andro nahaterahan’ny Mpaminany (saws), sy amin’ny andro nahazoany ny faminaniana.
-Fifehezana amin’ny andro Al-ghadir.
-Fifehezana amin’ny andro fahadimy ambiroapolon’ny volana zhoul-qa’dah.



-Fifehezana amin’ny andro fahefatra ambiroapolon’ny volana zhoul-Hidja.
-Fifehezana amin’ny volana Rajab ampahany na manontolo.
-Fifehezana amin’ny volana sha’ban ampahany na manontolo.

# Zakatoul-Fitr

Izay silamo rehetra feno taona, salama saina, manana ny antom-pivelomany mandritra ny iray taona dia tokony mamoaka ny zakatoul-fitr avokoa ho an'ny tenany sy izay olona eo ambany fiahiany, na olona akaiky azy na lavitra, na lehibe na kely, eny fa na hatramin'ny vahiny izay tonga ao aminy.

## Ny sandan'ny zakatoul-fitr



Ny sandan'ny zakatoul-fitr dia telo kilao amin'ny varim-bazaha, na orge, na atrendry, na voaloboka maina, isaky ny olona iray na sandaina amin'ny vola mitovy amin'izany.

Ny zakatoul-fitr dia aloa mialohan'ny soalatoul-Eid ho an'izay hana-tanteraka soalat, fa ho an'izay tsy hanao soalat kosa dia mandrapaha-tongan'ny aorian'ny mitataovovona.
Ireo olona mahantra sy sahirana no homena ny zakatoul-fitr, izany hoe ireo olona izay tokony homena vola amin'ny zakat.

Fa ny zakatoul-Hashimiy kosa dia tsy ekena afa-tsy avy amin'ny Hashimiy (taranak'i Hashim) ihany.

Ary ny zakatoul-fitr dia tsy azo homena ireo olona izay tsy maintsy tsinjovintsika toy ny Ray aman-dReny, ny vady sy ny zanaka.





## Fahitana volana amin'ny andro Eid

Ny fahitana volana no ahafahana milaza ny andro Eid tahaka ny fahitana volana izay manambara ny fidiran'ny volana Ramadhan, sy ireo antony hafa izay manam-porofo izany.

## Handeha hanao fivahinianana masina (hadj) any amin’ny tranon’Andriamanitra aho raha afaka mandeha manao izany

وَلِلّٰهِ عَلَى النَّاسِ حِجُّ الْبَيْتِ مَنِ اسْتَطَاعَ إِلَيْهِ سَبِيلاً

(…Adidin’ny olombelona amin’Andriamanitra ny mitsidika ilay Trano Masina ho an’ny olona afaka mandeha manao izany…)



Tsy maintsy (wajibo) mandeha manao fivahinianana masina (hadj) any amin’ny tranon’Andriamanitra (Baitou-LLAH Al haram)ny lehilahy na ny vehivavy silamo hiharan’ny didy na dia indray mandeha monja aza eo amin’ny fiainany.

Rehefa tonga eo amin’ny Miqat ny mpanao hadj dia manomboka hajaina amin’izay ireo fomba sy lalàna rehetra mahakasika ny fivahinianana masina (hadj). (Miqat : toerana izay hampidiran’ireo mpanao fivahinianana masina ny Ihram « fitafiana manokana ho entina amin’ny hadj »). Isaky ny vazan-teny efatra dia samy manana ny Miqat-ny avokoa, ka amin’izany toerana izany no manao fikasana hanao Ihram ho an’ny fivahinianana masina tsy ara-potoana (Omra) ny silamo iray izay mitohy amin’ny fivahinianana masina (hadj) (Omratoul-moutamata’ biha ilal-hadj) mba hanakaikezana an’Andriamanitra ilay Avo indrindra, ka eo izy no mitafy ilay Ihram, izay akanjo voatokana amin’izany. Fa ho an’ny vehivavy kosa dia akanjo tsotra ihany no anaovany, akanjo manakona ny vatany iray manontolo afa-tsy ny tarehiny sy ny felan-tanany anankiroa. Fa ny Ihram ho an’ny lehilahy indray kosa dia lamba fisalotra fotsifotsy sy sikina fotsifotsy, manakona ny foitra mandrapahatonga eo amin’ny lohalika.



Rehefa avy nitafy ny akanjo Ihram ny silamo iray hanao hadj dia izao no ambarany :

« labaika Allahouma labaika, labaika la sharik laka labaika, in-nal-hamda oa ni'mata laka oal-moulk la sharik laka labaika »



Manomboka amin'izay teny izay dia tafiditra tanteraka ao anatin'ny hadj (Ihram) ny mpino silamo iray, ka ireto avy ireo zava-dehibe tsy azony atao :

-Ny firaisana ara-nofo izay voarara tanteraka
-Ny fampiasana ranomanitra
-Ny fijerena fitaratra noho ny fikasana mba hampihaingo ny vatana, ka izany dia voarara ho an'ny lehilahy fa tsy ho an'ny vehivavy.
-Ny fialofana noho ny masoandro na noho ny orana
-Fitafiana akanjo voazaitra torak'izany koa ny ba-kiraro, sy ny fametrahana elo na zavatra eo ambony loha.

Aorian'izany dia mitodi-doha manatanteraka ny fihodinana ny ka'aba (tawaf) ny mpanao fivahinianana masina (Omratoul-hadj), avy eo manao soalat roa raka'at ho an'izany tawaf izany. Rehefa vita izany dia manao ny fandehanana mivezivezy (sai'y) im-pito eo anelanelan'ny swaffa sy al-marwa izy ireo, ka eo amin'ny vohitra As-swaffa no hanombohana azy ary faranana amin'ny vohitra Al-marwa. Rehefa tontosa izany dia manapa-bola. (manapaka sombina amin'ny volon-doha).



Toy izany no hanatontosana ny fivahinianana masina tsy ara-potoana alohan'ny hadj (omratoul-hadj). Ka aorian'izany dia esoriny ny Ihram-ny miandry ny fahatongavan'ny andro fahavalo amin'ny volana zhoul-hidja, fa izany andro izany no antsoina hoe « yaomo-tarwiya ». ka ao Makka ihany izy ireo no manao ny ihram-ny in-dray mandeha indray.
Fa eto izany dia Ihram ho an'ny hadj fa tsy Ihram ho an'ny Omra.

## Andro fahavalo amin'ny volana zhoul-Hidja. Antsoina hoe « yamou-tarwiya »

Mitafo ny Ihram ny mpino silamo amin'io fotoana io, sady manao fikasana hanatanteraka ny fivahinianana masina (hadj), ary manao ny « talbiya » (labaika Allahouma labaika…). Avy eo izy ireo dia mitodi-doha mankany amin'ny tendrombohitra Arafat, satria izy ireo dia tokony mijanona amin'izany toerana izany manomboka amin'ny ato-andro mitataovovona mandrapilentiky ny masoandro amin'ny andro fahasivy ny volana zhoul hidja.




Aorian'ny filentehan'ny masoandro dia mitodi-doha mankany Mouzdalifat ireo mpanao hadj, satria tsy maintsy (wajibo) mijanona ao izy ireo manomboka amin'ny vaomangirandratsy (fajr) mandra-piposaky ny masoandro amin'ny andro Eid. Rehefa miposaka ny masoandro amin'ny andro fahafolon'ny zhoul-hidja (andro Eid) dia miala ao mouzdalifat izy ireo handeha ho any Mina, mitondra vatokely nalain'izy ireo tao Mouzdalifat, ka rehefa tonga ao Mina izy ireo dia izao avy ny zavatra ataony :

- Torahan'izy ireo amin'ny vatokely im-pito mifanesy ny Jamra-toul-A'qabat
-Mamono ilay biby hatao sorona fanatitra
-Manapa-bolo ao Mina (ho an'ny lehilahy)



Rehefa vita izany zavatra tsy maintsy tanterahana izany dia afaka manao ireo zavatra fataony andavanandro ny mpino silamo, afa-tsy ireto zavatra manaraka ireto :
-Ny fanaovana firaisana ara-nofo amin'ny vady
-Fampiasana ranomanitra
-Ny fihazana




Rehefa vita izany dia mitodi-doha ho any Makka ireo mpanao hadj, mba hanatanteraka ny fihodinana ny ka'aba (tawaf) ho an'ny fivahinianana masina (hadj), ary avy eo dia manatanteraka soalat ho an'ny tawaf. Rehefa vita izany, dia manao ny fivezivezena (saiy) eo anelanelan'ny vohitra anankiroa Saffa sy marwa ny mpanao hadj, sahala amin'ny nataony tamin'ny Omra (fivahinianana masina tsy ara-potoana). Rehefa vita izany dia azony atao avokoa ireo zavatra fataony andavanandro afa-tsy ny firaisana ara-nofo amin'ny vadiny.

Aorian'izany dia manao tawaffoun-nissa ny mpanao hadj, ary manao soalat ho an'izany tawaff izany, ka amin'izay fotoana izay dia azon'ny mpanao hadj atao avokoa ny zavatra rehetra, eny fa na ny firaisana ara-nofo amin'ny vadiny.

Avy eo dia miverina mankany Mina ireo mpanao hadj, ary tsy maintsy matory ao izy ireo, mandritra ny alin'ny faha iraikambinifolo sy ny faharoa ambinifolon'ny volana zhoul-hidja,  ka mijanona ao izy ireo mandrapahatongan'ny aorian'ny mitataovovona (zohr) amin'ny andro faharoa ambinifolon'ny volana zhoul-hidja. Mandritra izany fotoana izany dia mitora-bato ireo « Jamarat anankitelo » izy ireo, ny Jamarat al oula, ny Jamarat al oustwa, ary ny Jamarat-al A'qabat, atao mifanesy, amin'ny andro faha iraikambinifolo sy amin'ny faharoa ambinifolon'ny volana zhoul-hidja.

Aorian'ny mitataovovona amin'ny andro faharoa ambinifolon'ny volana zhoul-hidja, dia miala tao Mina amin'izay ireo mpanao hadj, izany hoe tsaratsara (moustahab) aorian'ny fahavitan'ny soalatou-zohr, satria amin'izay fotoana izay dia efa vitany avokoa ireo zavatra takiana (wajibat) aminy amin'ny fivahinianana masina (hadj).

# Aorian'ny fialan'ny mpino silamo ao Makka



Rehefa vita ny fivahinianana masina (hadj) nataon'ny mpino silamo tao Makka, dia mitodi-doha, mankany Madina al Mounawarra izy ireo, mba haka voninahitra sy tombontsoa amin'ny fitsidihana ny fasan'ny Mpaminany (saws), ny fasan'ny Fatimat- zahr (as), sy ny fasan'ireo Imam izay milevina ao amin'ny Baqi' sahala amin'ny fasan'ny Imam Al Hassan (as), Imam Zainoul Abidine (as), Imam Al Baqir (as), Imam As-swadiq (as). Torak'izany koa ireo toerana masina sasany manatantara, sy ny fasan'ny Hamza dadatoan'ny Mpaminany (saws).

# Fivahinianana masina (hadj) voarain'Andriamanitra ary fivezivezena (saiy) nankasitrahana



## Hamoahako harena fiantrana (zakat) ny harenako

(خُذْ مِنْ أَمْوَالِهِمْ صَدَقَةً تُطَهِّرُهُمْ وَتُزَكِّيهِم)

« Aoka ianao haka ampahany amin'ny fananan'izy
ireo atao
fanomezana, hanadiovanao azy,… »




Ny fanomezana harena fiantrana (zakat) dia zavatra tsy maintsy tanterahan'ny mpino, ary adidin'ny silamo iray amin'Andriamanitra. Ireto avy ireo harena tsy maintsy amoahana zakat :

-Ny volamena sy ny volafotsy izay misy fepetra takiana.
-Ny varim-bazaha, ny « orge », ny atrendry, ny voaloboka maina izay misy fepetra.
-Ny rameva, ny omby, ny ondry araka ireo karazany, ny osy, izay misy fepetra ihany koa.
-Ary amin'ny vola azo amin'ny varotra izay tsy voatery, fa tsara hamoahana zakat (moustahab)

## Inona avy ireo fepetra takiana amin'ny famoahana zakat amin'ny volamena sy ny volafotsy

-Tokony mahatratra ny lanja takiana amin'ny tsy maintsy amoahana zakat ny lanjan'ny volamena, torak'izany koa ny volafotsy.
-Tokony efa mihoatra ny iraikambinifolo volana no nananan'ny tompony azy
-Tokony efa voatefy ny volamena na ny volafotsy toy ireny vola vy fampiasa eny an-tsena ireny.
-Ny tompon'ny volamena na ny volafotsy dia manana zo tanteraka hampiasa izany araka izay tiany.



-Ny tompon'ny volamena na ny volafotsy dia tokony olona efa ampy taona, vory saina.


## Ireo fepetra takiana amin'ny famoahana zakat amin'ny varim-bazaha, ny antrendry, ny voaloboka maina…

Tokony mahatratra 847kg ny lanjany efa maina, ka amin'izay fotoana izay dia toy izao no ampahany takiana havoaka ho zakat :



-Raha ohatra ka ranon'orana no manondraka ireo voly ireo, na renirano ka tsy mila manao ezaka amin'ny fanondrahana izany ireo mpamboly, amin'izay fotoana izay dia ny 10 isan-jatony no havoaka atao zakat.

-Ary raha ohatra indray kosa ka tondrahana rano amin’ny alalan’ny fitaovana fanondrahana ny voly , dia ny 5 isan-jatony no havoaka atao zakat.
-Fa raha ohatra kosa ka indraindray ny ranon’orana no manondraka azy na ny renirano, ary indraindray mila ezahana tondrahana, amin’izay fotoana izay dia 7,5 isan-jatony no havoaka atao zakat, ary amin’io fotoana io dia manana ireo lanjam-bokatra tokony amoahana zakat ilay tompom-bokatra, ary nahafeno ireo fepetra takiana amin’izany.



## Ireo fepetra takiana amin’ny famoahana zakat amin’ny osy, ondry, rameva, omby

Rehefa mahatratra ireto isa manaraka ireto izy ireo dia toy izao no famoahana ny zakat :

Rameva : Rehefa mahatratra 5 ny isan’ny rameva, dia mamoaka ondry vavy iray atao zakat, rehefa miakatra 10 ny isany dia mamoaka ondry vavy roa atao zakat, dia toy izany hatrany mandrapahatongan’ny isany ho tafiakatra 26, satria amin’izay fotoana izay dia rameva vavy anankiray, roa taona no homena atao zakat. Rehefa tafiakatra 36 ny isan’ireo rameva dia rameva vavy iray telo taona no homena atao zakat.

Ondry : Isaky ny feno efapolo ny isan'ireo ondry, dia mamoaka ondry vavy iray atao zakat. Rehefa feno 121 ny isan'izy ireo dia mamoaka ondry vavy roa atao zakat. Ary rehefa feno 201 ny isan'ireo ondry dia manome ondry vavy telo atao zakat. Isaky ny miampy zato ny isan'izy ireo dia ampina iray ny isan'ireo ondry vavy atao zakat.

Omby : Rehefa feno telopolo ny isan'ireo omby dia mamoaka omby kely iray, roa taona atao zakat. Rehefa feno efapolo ny isan'izy ireo dia mamoaka omby iray telo taona atao zakat.

-Ireo biby fiompy ireo dia miroaka ahitra eny amin'ireo tanin'Andriamanitra, ka tsy mila mitady vilona homena azy ireo ny tompony, fa raha tsy izany dia tsy mamoaka zakat ny tompony.
-Manan-jo hanao izay tiany amin'ireo biby fiompiny ireo ny tompony mandritra ny taona iray.
-Nipetraka teo amin'ny tompony izany biby fiompy izany nandritra ny 11 volana.

## Fepetra amin'ny famoahana zakat amin'ny vola azo amin'ny varotra

## Ny 2,5 isan-jaton'ny vola azo amin'ny varotra no avoaka atao zakat, raha ohatra ka feno ireto fepetra manaraka ireto :

-Ny tompon'izany vola izany dia ampy taona, sady vory saina.
-Ny sandan'izany vola izany dia efa mahatratra ny sanda tokony amoahana zakat amin'ny volamena na ny volafotsy.
-Efa nihoatra taona iray izany vola izany tao anatin'ny fandraharana.
-Tsy niova ny fahazoany tombontsoa tamin'izany vola izany tao anatin'ny taona iray
-Manan-jo hanao izay tiany atao amin'izany vola izany ny tompom-bola mihoatra ny taona iray
-Tokony halainy ny masonkarena amin'ilay vola, na izay fanampiny amin'izany nandritra ny taona iray.



## Iza no tokony homena ny zakat ?

إِنَّمَا الصَّدَقَاتُ لِلْفُقَرَاءِ وَالْمَسَاكِينِ وَالْعَامِلِينَ عَلَيْهَا
وَالْمُؤَلَّفَةِ قُلُوبُهُمْ وَفِي الرِّقَابِ وَالْغَارِمِينَ وَفِي سَبِيلِ
اللّهِ وَابْنِ السَّبِيلِ فَرِيضَةً مِّنَ اللّهِ وَاللّهُ عَلِيمٌ حَكِيمٌ

« Ny harena fiantrana dia voatokana homena ireo mahantra, ireo fadiranovana, ary ireo izay miasa amin'izany, ireo mbola tambazana ny fony, ny famotsorana andevo, ireo izay vesaran'ny trosa sy ireo miasa amin'ny làlan'Andriamanitra, ary ho an'ny mpandeha lany vatsy. Didy avy amin'Andriamanitra izany! Satria Mahalala ny zavatra rehetra sy be fahendrena Andriamanitra. »

(Sourat At-taobah, toko 9, And.60)

Ireto avy ireo olona tian'io andininy masina io ho lazaina :



-Ireo mahantra sy fadiranovana : izy ireo dia olona tsy manana ny sakafo ampy azy sy ny fianakaviany mandritra ny taona iray, ary izy ireo ihany koa dia tsy manana asa ahafahany manome sakafo ny fianakaviany ; ka ny fadiranovana (miskine) dia mbola ambany noho ny mahantra (faqiir).

-Ireo izay miasa amin'izany : Ny tiana ambara eto dia ny Mpaminany (saws) na ireo Imam (as), na ireo mpitsara araka ny lalana ara-pinoana, na ny lefiny, mba haka ny zakat sy anisa izany, ary handefa izany any amin'ireo tokony homena azy.

- ireo mbola tambazana ny fony : izy ireo dia ireo silamo izay mihamafy ny maha-islamo azy rehefa homena vola izy ireo, na ireo tsy mpino silamo izay tiana hiditra Islamo, na izy ireo nanampy ireo mpino silamo tamin'ny fiarovan-tena manoloana ireo fahavalo, fa amin'izy ireo dia tsy afaka homena avy hatrany ny zakat raha tsy maka hevitra amin'ny Imam (as) na amin'izay lefitry ny Imam.

-Ny famotsorana andevo : izy ireo dia andevo vidina ary homena famotsorana.

-Ireo izay vesaran'ny trosa : olona vesaran'ny trosa izy ireo, ary tsy mahavita mandoa ny trosany, izay nalainy tamin'ny fomba ara-dalàna.

- ireo miasa amin'ny làlan'Andriamanitra : Izy io dia izay asa rehetra tsara mahasoa, toy ny fanamboarana Moske, fanamboarana tetezana… sy ireo zavatra rehetra izay misy fitsinjovana ny be sy ny maro, saingy mila alalana amin'ny manam-pahaizana mpitsara araka ny lalàna ara-pinoana.

- Ireo mpandeha lany vatsy : Izy io dia ireo mpandeha lavitra izay tsy afaka miverina any amin'ny firenena niaviny, saingy ny fandehanana izay nataony dia tsy tokony noho ny fanaovana fikomiana na fahotana amin'Andriamanitra.

## Manome khoms aho

وَاعْلَمُواْ أَنَّمَا غَنِمْتُم مِّن شَيْءٍ فَأَنَّ لِلّهِ خُمُسَهُ
وَلِلرَّسُولِ وَلِذِي الْقُرْبَى وَالْيَتَامَى وَالْمَسَاكِينِ وَابْنِ
السَّبِيلِ إِن كُنتُمْ آمَنتُمْ بِاللّهِ وَمَا أَنزَلْنَا عَلَى عَبْدِنَا يَوْمَ
الْفُرْقَانِ يَوْمَ الْتَقَى الْجَمْعَانِ وَاللّهُ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ

« Ary aoka ho fantatrareo fa izay harena azonareo dia an'Andriamanitra ny ampahadiminy sy an'ilay Iraka ary ireo havany akaiky, ireo kamboty, ireo mahantra ary ireo mpandeha lavitra (sahirana),
raha mino an'Andriamanitra sy izay nampidininay tamin'ny Mpanomponay
tamin'ny andron'ny fanavahana ianareo; ny andro izay nifanenan'ireo andiantafika roa, fa Mahefa ny zavatra rehetra Andriamanitra.»
(Sourat Al-anfal, Toko 08, And.41)

## Ireo harena izay tsy maintsy handoavana khoms

-Ireo harena izay azon'ny mpino silamo tamin'ny ady izay nifanaovan'izy ireo tamin'ireo mpikomy amin'Andriamanitra,
-Ireo harena ankibon'ny tany toy ny volamena, volafotsy, varahina, vy, solifara (soufre), sns…toy izany koa ny solika, ny arintany (charbon), saingy tokony mahatratra 62 g (15×4,2g) amin'ny lanjan'ny volamena efa voatefy ny sandany na mihoatra izany. (Mithqal : 4,2 gramme).

-Harena sarobidy : rehefa mahatratra 62 g (15×4,2g) amin'ny lan-jan'ny volamena efa voatefy ny sandany, na 105 g amin'ny volafotsy, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy mamoaka khoms.

-Ireo harena avy any ambany ranomasina sy ranomamy toy ny voahan-gy sy ny harandranomasina, sy ireo zavatra hafa, raha ohatra ka maha-tratra ¾ amin'ny 4,2 g amin'ny volamena ny sandany.

-Ireo vola madio izay mifangaro amin'ny vola maloto.

-Ireo tombom-barotra azo isan-taona, na avy amin'inona izany tombony izany na avy amin'inona.

-Ireo tanin'ny olona tsy mpino izay azo tamin'ny olona silamo.



## Tsy maintsy mamoaka khoms amin'izay tombony azony ny mpino silamo



## Ahoana ny fomba hikajiana ny tombony tsy maintsy hamoahana khoms ?

Mila kajiana sy isain'ny mpino silamo ny harena eo ampelantanany, amin'ireo entam-barotra sy vola, nandritra ny taona iray nanaovany asa fivarotana, ka rehefa vita izany dia esoriny ireto zavatra manaraka ireto:

**Voalohany :** ireo entana sy vola nampiasainy mba hahazoany tombony.

**Faharoa :** Ireo entana sy vola ilainy mba hamelomany ny tenany sy ny fianakaviany. Rehefa vita izany dia mamerina manisa ny ambimpananana tavela eo aminy ny mpino silamo iray, ka ao anatin'izany no hanomezany ny khoms.

Manomboka manao kajy ny khoms tokony ho aloany amin'ny harenany ny mpino silamo iray, manomboka amin'ny fotoana nahazoany izany.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Izay zavatra rehetra mihoatra amin'ny filan'ny mpino silamo ka tsy ilainy, dia tsy maintsy hamoahany khoms.

-Tsy azon'ny mpino silamo atao ny manao izay tiany atao amin'ny fananany izay tokony hamoahany khoms raha tsy efa namoaka izany izy.

-Raha nidaosin'ny fahafatesana ny mpino silamo iray nefa nisy khoms tokony naloany, dia ireo mpandova azy no tsy maintsy mandoa izany.

-Raha ohatra ka variana ny mpino silamo iray ka lasa be fotoana, nefa nisy khoms tokony efa naloany, dia tsy maintsy aloany avokoa izy ireo, izay mihoatra ny filany. Fa raha ohatra ka tsy mahavita mamoaka izany indray mandeha izy, dia azony atao ny mitsinjara izany (mandoa izany tsikelikely) araka ny fanomezan-dalana homen'ny manam-pahaizana mpitsara ara-pinoana.

Raha ohatra ka niasa ny ankizy iray efa feno taona nandritra ny fialan-tsasatra, ka nahazo tombony izy tamin'izany, ary navelan'ny Rainy izy hampiasa izany araka ny filany, dia tokony (wajibo) hamoaka khoms izy, raha ohatra ka tahiriziny izany na ny ampahany amin'izany rehefa laniny ny ankamaroany.



# Iza no handoavana ny khoms ?

Ny khoms dia zaraina anankiroa : ny antsasany ho an'ny Imam ilay andrasana (aj), ka ampiasaina amin'ny zavatra izay tian'ny Imam, aorian'ny fanomezan-dalana omen'ny Marja', na omena azy. Ny antsasany kosa omena ireo mahantra, sy ireo mpino silamo mpandeha lavitra sahirana avy amin'ny taranak'i Hashim, sy ireo kambotin'izy ireo izay miasa amin'ny raharahan'ny finoana.

-Tsy azo atao ny manome khoms ireo olona izay tsy maintsy velominao sy karakarainao.

-Tsy azo atao ny manome khoms ireo olona izay hampiasa izany amin'ny zavatra voarara.

- Tsy azo atao ny manome khoms ireo olona tsy mpanao soalat, mpisotro toaka, sy ireo mpanao fitondran-tena ratsy ankarihary.

## Ny tsy fitovian'ny varotra izay tsy voarara (halal) sy ny fanjanaham-bola izay voarara (haram)

Tokony olona hiharan'ny didy (mokallaf) no manao ny fivarotana sy ny fividianana, fa ny zaza tsy ampy taona dia azo ekena ihany ny fivarotana ataony amin'ireo zavatra madinika amin'ireo fananany.

## Ireo fepetra amin'ny fivarotana

Tokony olona ampy taona ny mpivarotra, vory saina, matotra, manana fikasana ny hivarotra, fa tsy noterena, afaka mahafehy ny fifanakalozana ara-barotra.

## Ny faharavan'ny varotra

-Raha mbola tsy nifampisaraka teo amin'ny toerana nanaovany fifanakalozana ara-barotra ny mpividy sy ny mpivarotra, dia zon'izy ireo ny mandrava ny fifampivarotana, fa rehefa nifampisaraka kosa izy ireo dia mipetraka ny varotra fifanakalozana.

-Fa raha ohatra kosa voafitaka ny mpivarotra na ny mpividy, dia zon'izy ireo ny mandrava ny fifanarahana ara-barotra.

-Raha ohatra ka mazava amin'ilay mpividy fa tsy marina ny dokambarotra izay nolazain'ilay mpivarotra mikasika ilay entana ho amidy, dia azon'ny mpividy atao ny manajanona ny fifanarahana ara-barotra.
-Raha ohatra ka nisy fifanarahana natao ahafahana mandrava ny fifampivarotana mandritra ny fotoana voafaritra.

-Raha ohatra ka tsy nanaja ny fifanarahana mikasika ny raharaha ara-barotra ny mpivarotra na ny mpividy.

-Raha ohatra ka nahita lesoka na fahasimbana ny mpividy amin'ny zavatra novidiany.

-Raha ohatra ka fantatry ny mpividy fa tsy fananan'ilay mpivarotra ny zavatra novidiany.

-Raha ohatra ka tsy azon'ny mpividy tamin'ny fotoana nifanarahana tamin'ny mpivarotra ny entana izay novidiana.

-Raha ohatra ka biby ilay mpividy, dia tsy maintsy haveriny ao anatin'ny telo andro ny zavatra novidiany.

-Raha ohatra ka tsy azon'ny mpivarotra tao anatin'ny fe-potoana nifanarahana, na fe-potoana efa fantatra ny vidin'entana.

-Fa azo atao kosa anefa ny manao trosa sy mandoa tsikelikely ny vidin'entana ao anatin'ny fotoana voafaritra.



# Ny fanjanaham-bola

Izy io dia fanampim-bola omen'ny mpandoa trosa noho ny fe-potoana hamerenany izany araka ny hevitra hitovizan'ny rehetra.
Ny fanjanaham-bola rehetra dia voarara (haram), ary izay fanampim-bola rehetra omena dia raisina ho toy fanjanaham-bola avokoa, eny fa na fanampim-bola omena noho ny fandraharahana ara-barotra satria nahemotra ny fandoavana ny vidin'entana, na fivarotana zavatra iray araka ny lanja na fatra mitovy, avy eo nampiana indray.



## Fantatro ny biby voalenta (araka ny lalàna ara-pinoana), sy ny biby tsy voalenta




-Misy ny biby no azo hohanina ny henany, toy ny ondry, omby sns…

-Misy indray kosa ny biby izay tsy azo hohanina ny henany, toy ny liona, ny tigra, ny leoparda (leopard), ny orsa, ny fosa sns…

-Misy ihany koa ny biby sasany no maloto, tsy afaka ho voadio mihitsy, toy ny alika, ny kisoa.

## Ahoana ny fandentana ireo biby, sy ny fitandrovana hatrany ny fahadiovan'izy ireo



Ireo biby izay azo hohanina ny henany, dia voarara tsy azo hohanina raha tsy voalenta araka ny lalàna ara-pinoana.

Ny alika, ny kisoa sy ireo biby izay tsy afaka ho diovina mihitsy dia tsy ilaina ny fandentana azy,
toy izany koa ireo biby kely izay mipetraka any ambanin'ny tany toy ny voalavo,

androngo, ny biby toy ireny dia tsy mila lentaina ihany koa,



satria ny henany sy ny hodiny dia tsy hadio na oviana na oviana.

Ireto biby ireto dia tsy azo hohanina mihitsy ny henany : ny fosa, ny liona, ny karazam-boromahery (vautour), saingy mila lentaina izy ireo mba hampadio ny henany sy ny hodiny,



ka azo ampiasaina ny hodiny araka izay ilain'ny olona azy, fa ny henany kosa tsy azo hohanina.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Rehefa mahita hena na hoditra biby azo lentaina isika eny ampelan-tanan'ny mpino silamo, dia milaza isika hoe madio sy voalenta izany, raha tsy hoe hananantsika porofo mazava ny mifanohitra amin'izany.
-Ireo biby izay voalenta amin'ny alalan'ny fitaovana any amin'ireo firenena Islamo, raha ohatra ka feno ireo fepetra takiana amin'ny fan-dentana ireo biby, dia madio sy voalenta ara-dalàna izany biby izany.

## Manontany mikasika ny trondro aho

-Rehefa mivoaka ety an-tanety ny trondro mbola velona, dia efa vita ny fandentana sy ny fanadiovana azy, na amin'ny fomba ahoana nanaovana ny fihazana.
-Raha ohatra ka mitsambikina avy any anaty rano ny trondro iray, ka mianjery amin'ny tany, ary mijanona eo mandrapahafatiny, dia tsy azontsika atao (haram) ny mihinana azy.



# Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Tsy voatery ny fanononana « Bissmilahy » amin'ny famonoana ny trondro mba hampadio azy

-Tsy voatery silamo ny mpanjono ny trondro izay vao azo hohanina izy.

-Rehefa eny ampelantanan'ny mpino silamo ny trondro, dia azo atao ny mihinana azy, na dia tsy haintsika aza ny marina mikasika ny fomba nanadiovana sy namonoana azy.

-Raha ohatra ka eny ampelantanan'ny olona tsy mpino silamo ny trondro dia tsy azontsika atao ny mihinana azy, raha tsy hoe fantatsika fa feno ireo fepetra takiana tamin'ny fandentana azy, na dia zavatra hafa mifanohitra amin'izany aza no nolazain'ireo tsy mpino silamo.

-Ireo trondro izay efa maty avy ao anaty rano dia tsy azo atao ny mihinana azy.

-Ireo trondro izay maty tao anatin'ny harato fanjonoana dia azo atao ny mihinana azy, raha ohatra ka maty taorian'ny fialan'ny rano teo aminy.

-Ny rà trondro dia madio.



# Manontany mikasika ny fihazana



Tsy azontsika atao ny mihinana ny henan'ireo biby dia izay azo hohanina, toy ny osivavy dia (gazelle), ny voromanidina dia, ny omby dia, ny ampondra dia, raha ohatra ka tamin'ny basy na zavatra hafa no nihazana azy, fa azo hohanina kosa izy ireo raha mipetraka ireto fepetra manaraka ireto :

-Tokony ho mpino silamo ny mpihaza, mety ho lehilahy, mety ho vehivavy, mety ho ankizy efa mahay manavaka ny mety sy ny tsy mety.
-Tokony ho nanana fikasana hanatanteraka fihazana ilay mpino, ary nampiasa ny fitaovany ho entina amin'izany, satria ny famonoana tsy antsitrapo ny biby dia mahatonga azy tsy azo hohanina.
-Rehefa mampiasa ilay fitaovana ho entina mihaza ilay olona, na alohan'ny hahavoa ilay biby, dia izao no tokony ho lazainy : ALLAH AKBAR na Bissmilahy na Alhamdolilahy.
-Tokony hahavoa ilay biby nohazaina ny fitaovana nampiasaina, ka maty avy hatrany ilay biby, fa raha ohatra ka velona ilay biby dia tsy maintsy lentainy, ary raha ohatra ka tsy nataony izany ka maty ilay biby, dia tsy azony atao (haram) ny mihinana azy.
- Ny fihazana amin'ny alalan'ny basy : tokony ho nahavoa ny vatan'ilay biby ny tifitra natao tamin'ilay basy ary nandoaka ny vatany.

## Ny fihazana amin'ny alalan'ny alika mpihaza

Azo atao ny mihinana ireo biby nohazaina tamin'ny alalan'ny alika mpihaza, saingy tokony ho diovina kosa izy aorian'izany, ary takiana ny fisian'ireo fepetra manaraka ireto :

-Tokony efa voahofana amin'ny fihazana ilay alika mpihaza, ary ny tompony dia mahafehy azy tsara.

-Tokony noho ny fihazana taorian'ny fanirahan'ny tompony azy no nanaovany izany, fa raha ohatra ka nihaza ho an'ny tenany ilay alika, dia tsy azo atao ny mihinana izany.

-Tokony olona mpino silamo ny mpaniraka ilay alika.

-Tokony miteny « Bissmilahy » ny mpaniraka ilay alika eo ampanirahana azy handeha hihaza.

-Tokony noho ny ratra nataon'ilay alika taminy no nahafaty ilay biby nohazaina, na noho ny dona anaty, fa tsy noho ny fanakendana nataon'ilay alika, na noho ny ezaka mafy nataony tamin'ny fihazakazahana.

-Tokony efa maty ilay biby vao tonga teo anatrehany ilay olona naniraka ny alika mpihaza, na efa amin'ny minitra farany alohan'ny ahafatesan'ilay biby, ka tsy nisy fotoana intsony nahafahana nandenta azy, fa raha ohatra ka nanana fotoana nanaovana izany ilay olona, dia tsy maintsy nolentainy ilay biby.

## Tsy tokony ho adinoko mihitsy

-Tsy azo atao ny mihinana ny biby nohazain'ny biby hafa ankoatran'ny alika (toy ny liona, ny karazam-boromahery « vautour » sns…)



-Tsy maintsy diovina ilay faritra voakaikitry ny alika, ary sasana ilay biby.

-Azo atao ny mihinana ny haza nataon'ny biby hafa ankoatran'ny alika, raha ohatra ka mbola tsy maty ilay biby, ary nolentaina avy eo.


## Inona avy ireo biby azo hohanina ny henany ?

## Amin'ireo biby ety an-tanety :

Henan'akoho amin'ireo karazany maro samihafa, ny omby, ny rameva, ny soavaly, ny ramole, ny ampondra, ny ondrilahy antendrobohitra, omby dia, ampondra dia, osivavy dia


## Tsy tsara (Makrouh) ny mihinana ireto biby manaraka ireto fa tsy voarara :

Mihinana henan-tsoavaly, sy henan-dramole, ary ny ampondra efa mifankazatra ao antrano.



## Inona avy ireo biby izay tsy azontsika hohanina ?

-Ireo biby rehetra manana vangy dia tsy azo hohanina (haram) avokoa, toy ny liona, ny fosa sy ireo maro hafa.



-Tsy azo atao ny mihinana (haram) bitro, elefanta, orsa (ours), rajako, androngo, ireo karazana voalavo sy totozy, ny sokina, ny bibilava sy ireo biby kely.

## Inona avy ireo biby andranomasina azontsika hohanina ?



Azontsika hohanina avokoa ny trondro rehetra andranomasina raha ohatra ka misy kirany izy, fa tsy azontsika hohanina kosa ny trondro maty mitsingevana eny ambony rano. Tsy azo hohanina (haram) ihany koa ny trondro tsy misy kirany toy ny sokatra (andranomasina), ny sahona, ny foza sy ireo trondro hafa.

## Inona avy ireo voromanidina azoko hohanina ?

Azo hohanina avokoa ireo karazam-boromahailala, ny voronkely vahiny (rossignol), ny etornô (etourneau), ny sorohitra, ny aotirisy (autruche), ny vorombola, ny voronkely misy sanga, ny sidintsidina (hirondelle).



## Inona avy ireo voromanidina tsy azoko hohanina ?

-Tsy azo hohanina (haram) ny goaika amin'ny karazany rehetra, torak'izany koa tsy azo hohanina ny takolapanenitra sy ireo karazana biby kely manidina afa-tsy ny valala.

-Tsy azo hohanina ny voromanidina rehetra misy hoho lava, toy ireo karazana hitsikitsika, ny voromahery.

-Tsy azo hohanina ny voromanidina izay mamelatra maharitra ny elany rehefa manidina, tsy dia mikopa-kelatra matetika.



## Ireo zavatra tsy azo hohanina (haram) na dia voalenta ara-dalana aza ilay biby

Ny rà, ny diky, ny filahiana, ny fivaviana, ny ahitra, ny taova fihary rehetra, ny voa anankiroa amin'ny filahiana, ny atidoha, ny tsokan-damosina, ny afero, ny ary (rate), ny tatavia, ny anakandriamaso, ireo hozaketsika (nerf) anankiroa mampitohy ny lamosina sy ny vozona.

## Amin'ny fandentana ireo vorona

Tsy azo hohanina ny ràn'ny vorona, sy ny malotony (diky, fivala-nan-drano), toy izany koa ireo zavatra sasany efa voalaza teo aloha fa voarara.



## Ireo fahalalam-pomba eo ampisakafoanana

- Tsy azontsika atao (haram) ny misotro toaka, sy ireo zava-pisotro rehetra mahamamo.

-Tsy azontsika atao (haram) ny mipetraka amin'ny latabatra misy toaka.

-Tsy azontsika atao (haram) ny mihinana ireo sakafo izay misy fiatraikany ratsy amin'ny fahasalamantsika, ka mety hitarika amin'ny fahafatesana.

## Ireo zavatra tsara atao (moustahab) eo ampisakafoanana, sy ireo fahalalam-pomba eo ambony latabatra.

-Ny fanasana ny tanana anankiroa alohan'ny hisakafo, ary ny famafana izany tanana izany amin'ny mosara na servieta.



-Ny fitenenana bissmilahy rehefa hisakafo.

-Ny fihinana amin'ny tanana ankavanana.

-Atao kelikely ny sakafo ampidirina amin'ny vava.

-Fijanonana amin'ny fisakafoanana alohan'ny fahavokisana tanteraka.

-Fitenenana « Alhamdolillahy » rehefa avy nisakafo.

-Tsakona tsara ny sakafo.



-Fanalavana ny fotoana hisakafoanana sy ny fipetrahana eo ambony latabatra.

-Atomboka amin'ny fihinana sira rehefa mihinana sakafo, ary faranana amin'ny fihinana sira ihany koa

-Sasana amin'ny rano ny voankazo alohan'ny hihinana azy.

-Rehefa voky dia tsy mihinana intsony.

-Tsy mihinana sakafo mahamay loatra fa andrasana ho somary mihena ny hafanany.

-Tsy azo atao ny mitsoka ny sakafo hohanina na ny zavatra sotroina.

-Tsy tokony voasasana ireo voankazo izay hohanina aman-kodiny.

-Tsy tokony hariana ny voankazo raha tsy efa lany tsara.

-Tsy tsara ny mijery ny tarehin'olona rehefa eo ampihinanana izy ireo.

-Ny tompon'ny sakafo no tokony manomboka ny fihinanana, ary izy ihany koa no tokony mamarana izany.

-Tsy tokony misotro rano rehefa eo ampihinanana sakafo be menaka.

-Izay sakafo eo anoloanao ihany no tokony hohaninao, fa tsy mihinana ny sakafo eo anoloan'ny hafa.

## Fantatro ny voady, ny fampanantenana, ary ny fianianana amin'ny ankavanana

### Inona moa ny atao hoe « A'qiqah » ?

Ny « A'qiqah » dia fandentana biby ho an'ny zaza iray izay teraka vao haingana, mety ho zazalahy na zazavavy, amin'ny andro fahafito taorian'ny nahaterahany. Ka ondry lahy, na ondry vavy na omby, no biby vonona amin'izany, aorian'ny nanomezana anarana ilay zaza. Tapahana ny volon'ilay zazakely, ka izay lanjan'izany volo izany dia atao volafotsy, ary atao fanomezana (swadaqa), ka ampiarahana amin'ny tongotra sy ny fen'ilay ondry vavy izay omena ilay mpampivelona nanampy tamin'ny fampiterahana ilay reny, ary ny ambony dia zaraina atao sakafon'ny olona sy atao fanomezana (swadaqa). Tsy tsara (makrouh) ho an'ny fianakavian'ilay zaza ny mihinana amin'ny A'qiqah izay natao ho an'ny zanak'izy ireo.



Fa raha tsy nanao A'qiqah ho an'ny zanany ireo Ray aman-dReny, dia manao ho an'ny tenany ny mpino silamo rehefa lehibe izy.

# Ny sorona (Al oudhiya)

Ny sorona dia ilay ondry izay lentain'ny silamo amin'ny andro fety «Eidoul-Adha », ho an'izay afaka manao izany. Azo atao ny manolotra biby atao sorona ho an'ny olona mbola velona, na ho an'ny olona efa maty, sahala amin'ny nataon'ny Irak'Andriamanitra (saws) izay namono biby natao sorona ho an'ireo vadiny sy ireo fianakaviany (Ahloulbait), ary ho an'ireo mpino silamo mpanaradia azy izay mbola tsy nahavita izany.Ny Imam Ali (as) ihany koa dia namono biby atao sorona ho an'ny Mpaminany (saws) isa-taona.



# Ny voady

Ny voady dia ny fanaovana fanekena hentitra fa tsy maintsy hanao zavatra iray, na fanaovana fanekena hentitra amin'ny tsy maintsy hanajonana zavatra iray ho an'Andriamanitra.

## Rahoviana no tsy maintsy manatanteraka ny voady nataoko aho ?

## Rehefa feno ireo fepetra amin'ny voady (dia tsy maintsy manatanteraka izany ny olona iray), ary toy izao izany :

-Rehefa namoaka vava ny mpino silamo iray ka ahitana teny toy izao ao anatin'izany voady izany « ho an'Andriamanitra (lillahy) » na teny hafa ankoatra izany, izay misy ny anaran'Andriamanitra manokana, ilay Avo indrindra sy be voninahitra. Ohatra miteny ny mpino silamo iray hoe : « Adidiko tsy maintsy ataoko amin'Andriamanitra ny mandenta ondry iray, ary hataoko fanomezana ho an'ny mahantra ny henany raha ohatra ka sitrana ny zanako lahy… » na zavatra hafa ankoatra izany. Azony atao ihany koa ohatra ny milaza hoe : «Adidiko tsy maintsy ataoko amin'Ilay be fiantrana … » rehefa mipetraka tsara ny fanekena hentitra amin'ny voady.

## Raha mbola tsy niteny hoe : « Adidiko amin'Andriamanitra.. » (lillahy A'laiy) ny mpino silamo iray nanao voady, na tsy mbola nanonona anarana hafa sy toetra hafa an'Andriamanitra, dia tsy voatery manatanteraka ny voady nataony izy.

-Tokony zavatra tsara eken'ny lalàna ara-pinoana (sharia') ny zavatra atao voady, na ny asa atao ao anatin'ny voady dia zavatra eken'ny lalàna ara-pinoana, fa raha tsy izany dia tsy mety ny voady izay atao.
-Ny olona manao voady dia tokony olona ampy taona, vory saina, manan-tsafidy, nanana fikasana, ary tsy tokony misy zavatra mitazona na manery ilay olona nanao voady.
-Tokony zavatra vitan'ilay olona nanao voady, ary zavatra azony tanterahana no nanaovany voady, fa raha tsy izany dia tsy mety.

Rehefa feno ireo fepetra amin'ny voady, dia tsy maintsy tanterahan'ilay olona nanao izany ny fampanantenana nomeny.

Raha ohatra ka nivadika antsitrapo tamin'ny fampanantenana nomeny ny olona iray nanao voady, dia tsy maintsy mandoa onitra izy :

-Famotsorana andevo : izany hoe homena fahafahana ny olona iray tao anatin'ny fanadevozana, ka izany zavatra izany dia efa tsy misy intsony amin'izao vanim-potoana iainantsika izao.
-fampisakafoanana olona mahantra miisa folo na fanomezana fitafiana azy ireo. Ka raha tsy afaka manao izany izy, dia tsy maintsy mifehy mandritra ny telo andro mifanesy.
-Raha nanao voady ny mpino silamo fa hanome vola toerana iray manana ny maha izy azy, na toerana manan-kasina dia tsy maintsy mamoaka izany vola izany izy ho fanamboarana ny trano na ho fanamboarana ny jiro, na ho an'ireo fanaka ao an-trano, na ho an'ny fitaovana mampifandanja maripana (mampafana na mampangatsiaka) sy ireo zavatra hafa.




# Ny fampanantenana

Rehefa manao fampanantenana amin'Andriamanitra ny olona iray, ka milaza izy hoe : Nampanantena an'Andriamanitra aho fa tsy maintsy ….na milaza ihany koa izy hoe, mihatra amiko ny fampanantenana nataoko tamin'Andriamanitra fa na oviana na oviana dia tsy maintsy …. Raha ohatra ka nanao fampanantenana toy izany ny mpino silamo iray dia tsy maintsy tanterahany ny fampanantenana nomeny.

Tsy mety ny fampanantenana natao raha tsy ohatra ka zavatra eken'ny lalàna ara-pinoana (sharia')ny zavamiseho amin'ny fanatanterahana izany, ary anisan'ny tafiditra ao anatin'izany ireo fepetra amin'ny voady.

Raha ohatra ka mivadika amin'ny fampanantenana natao tamin'Andriamanitra ny olona iray, dia tsy maintsy (wajibo) mandoa onitra izy, na mamototra andevo iray, na mampisakafo mahantra miisa enimpolo, na mifehy mandritra ny roa volana mifanesy.



# Ny ankavanana sy ny fianianana

Amin'ny fianianana dia takiana ny famoahana teny, ka rehefa mianiana ny mpino silamo iray, dia mianiana amin'Andriamanitra ilay Avo indrindra, ary ny zavatra hifantany fa ho tanterahany dia zavatra tokony ho vitany, sy afaka ataony, ary zavatra tsy mifanohitra amin'ny lalàna ara-pinoana (sharia'). Ary ny olona mianiana dia tokony olona hiharan'ny didy, nanam-pikasana, manan-tsafidy, ary vory saina.

## Ohatra : oa ALLAH, Billahy, mianiana amin'i ALLAH aho, mianiana amin'ny tompon'ny boky masina kor'any aho sns…

-Tsy azon'ny mpino silamo atao ny mianiana amin'ny toeran'ny olonkafa, sahala amin'ny fitenenana manao hoe : oa ALLAH, tsy maintsy ataonao …
Torak'izany koa, tsy mety ny fianianana ataon'ny zanakalahy raha ohatra ka manakana izany ny Rainy, tsy mety ny fianianana ataon'ny vehivavy raha ohatra ka manakana izany ny vadiny.

-Raha ohatra ka nianiana ny zazalahy iray nefa tsy nanome alalana azy ny Rainy, ary raha ohatra ka nianiana ny vehivavy nefa tsy nanome alalana azy ny vadiny, dia azon'ny Ray sy ny vady atao ny manafoana ny fianianana sy ny fifantana amin'ny ankavanana.

## Ny fianianana lainga amin'ny ankavanana dia voarara (haram), ary anisan'ny fahotana lehibe raha tsy noho ny antony tsy azo hanoharana.

# Rahoviana no azo atao ny mianiana amin'ny lainga ?

Raha ohatra ny mpino silamo iray miaro tena amin'ny tsindrihazolena mahazo azy sy mahazo ny mpino namany, dia azony atao ny mampiasa ny fianianana lainga mba ho fiarovana, torak'izany koa raha ohatra ka misy fandrahonana sy fanaovana tsinontsinona ny maha olona ny mpino iray na ilay nanao ny fifantana. Azo atao ihany ny manao karazana teny ankolaka (At-touriya)

## Ny « At-touriya »

Izy io dia karazana teny ankolaka, izany hoe tsy mitovy amin'ny hevitry ny teny ambara ety ivelany ny tena tiana ambara, ka ilay teny tianao ambara ao anaty no hanaovanao fianianana, fa tsy ilay teny ety ivelana, amin'izay fotoana izay dia avotra ny tenanao sy ny hafa.



## Hafatra sy didim-pananana (Al waswiya)

Tsara (moustahab) ny fametrahana hafatra sy didim-pananana, ary tsy tsara (makrouh) kosa ny fanajonana izany. Raha mbola velona ny olona iray dia tsara izy raha mametraka hafatra sy didim-pananana amin'ireo olona akaiky azy.

Tsara (moustahab) ho an'ny mpino silamo iray ny mametraka hafatra sy didim-pananana amin'ny hafa, sahala amin'ny nampianarin'ny Irak'Andriamanitra (saws) ny Imam Ali (as) sy ireo mpino silamo, ary ny porofo sy ny lahateny mikasika izany dia hitanao ao amin'ny boky « kitaboul-wasa'il »

## Amin'ny zavatra toy ny inona no hametrahan'ny mpino silamo iray hafatra sy didim-pananana ?

Mametraka hafatra amin'ny hafa ny mpino silamo iray, amin'ny fiarovana sy ny fiahiana ireo zanany mbola kely sy ny fianakaviany, torak'izany koa amin'ny fanatsarana ny fifandraisana amin'ireo mpiray tampo sy havana akaiky, amin'ny fandoavana ny trosa sy amin'ny famerenana amin'ny tompony ireo zavatra nankinina taminy, ny fanatanterahana ireo vavaka fanompoana (soalat) sy fifehezana ary fivahinianana masina (hadj) tsy vitany, ny fandoavana ny khoms mbola tsy naloany, ny fandoavana ny Zakat mbola tsy naloany, ny fampisakafoanana ireo mahantra sy ny fizarana fanomezana (swadaqa), sy ireo zavatra hafa izay ahazoany fahasoavana sy valisoa.

## Ireo fepetra ho an'ny olona mametraka hafatra sy didim-pananana

Olona ampy taona, vory saina, manan-tsafidy, mahay manavaka ny mety sy ny tsy mety, ary tsy olona mamono tena.

# Ahoana ny fomba fanaovana ny hafatra sy didim-pananana ?



Tononiny ny anaran'izay olona nosafidiny hanatanteraka ny hafatra sy ny didim-pananana napetrany, na mametraka toky amin'izay olona atokisany izy mba hanatanteraka ireo hafatra sy didim-pananana napetrany.

## Azon'ny olona iray atao ny mametraka hafatra amin'ny alalan'ny teny, eny fa na amin'ny alalan'ny fanondroana aza dia azo atao izany, raha ohatra ka mazava ny zavatra tiany ho lazaina.

Tsara (moustahab) ny fametrahana hafatra sy didim-pananana na dia mbola ao anatin'ny fahasalamana tsara aza ny olona iray :

-Ka mametraka hafatra sy didim-pananana izy araka izay tiany, saingy zavatra tsy misy fahotana na fikomiana amin'Andriamanitra.
-Zon'ny olona iray ny mametraka hafatra sy didim-pananana amin'ireo harenany izay tsy mihoatra ny ampahatelony amin'ireo fananany.
-Tsy mety ny fanaovana hafatra sy didim-pananana mihoatran'ny ampahatelon'ireo harena, raha tsy nahazo alalana tamin'ireo mpandova.

## Fanatanterahana ny hafatra sy ny didim-pananana

Ny vola nametrahana hafatra sy didim-pananana dia esorina manokana amin'ireo vola hafa, fa tsy ampiarahana amin'ny trosa, ny khoums, ny Zakat, ny fanambakana natao tamin'ny hafa, ny fivahinianana masina (hadj) tokony natao, raha ohatra ka tsy nametraka hafatra sy didim-pananana amin'ny amoahana izany amin'ny ampahatelony amin'ireo harenany ny tompon'ny didim-pananana.

## Raha ohatra ka efa miseho amin'ny olona iray ireo famantarana fa ho faty izy, dia ireto ny zavatra tsy maintsy ataony :

-Mandoa ireo trosany raha ohatra ka manana fahafahana manao izany, na mametraka hafatra sy didim-pananana amin'ny fandoavana ilay trosa, na maka vavolombelona mikasika izany raha ohatra ka zavatra tsy fantatry ny olona.

-Famerenana ny zavatr'olona (raha ohatra ka nisy izany), na fijoroana vavolombelona amin'ny fisian'ny zavatr'olona any aminy, ka mametraka hafatra izy amin'ny tsy maintsy hamerenana izany.

-Ny fandoavana ny Khoums sy ny Zakat, ary ny fanambakana natao tamin'ny hafa.

-Ny fametrahana hafatra amin'ny hakana ampahany amin'ny fananany hanomezana valisoa izay olona manao soalat sy fifehezana ho azy, amin'ireo tsy vitany, nefa tokony nataony (wajibou).

-Ampafantariny ireo mpandova azy ny volany izay mbola any amin'ny olona, na any amin'ny toeran-kafa.

## Raha ohatra ka tsy nametraka hafatra sy didim-pananana ny mpino silamo iray, dia tsy manan-jo intsony izy hanao izay tiany atao amin'ny ampahatelon'ny fananany.

## Mitarika amin'ny tsara aho ary mandrara amin'ny ratsy

-Ny fitarihana amin'ny tsara sy ny fandrarana amin'ny ratsy, dia zavatra anankiroa tsy maintsy atao, amin'ny alalan'ny fiantsoana ny olona ho any amin'ny tsara, sy ny fanakanana azy ireo tsy hanao zavatra ratsy.

-Tsy ny lehilahy nianatra mikasika ny finoana ihany koa no tsy maintsy (wajibo) mitarika amin'ny tsara sy mandrara amin'ny ratsy, fa ny mpino silamo rehetra na lahy na vavy dia tsy maintsy (wajibo) mitarika amin'ny tsara sy mandrara amin'ny ratsy avokoa.

## Ireo fepetra amin'ny fitarihana amin'ny tsara sy amin'ny fandrarana amin'ny ratsy

-Tokony olona mahafantatra ny tsara sy ny ratsy, ny olona mitarika amin'ny tsara sy mandrara amin'ny ratsy.

-Tokony olona henon'ny olona teny ny manao izany, amin'izay mba manao ny zavatra hanirahany azy ireo ny olona, ary miataka amin'ny zavatra norarany.



- Tokony manaraka ny zavatra atao-ny ireo olona mamela ny fanaovana ny tsara, sy mpanao ny ratsy.

-Tsy tokony manana fialan-tsiny amin'ny zavatra tsy mety ataony, ireo mpamela ny fanaovana ny tsara sy mpanao ratsy.

-Tsy tokony misy zavatra ratsy na fahasimbana miatraika amin'ilay olona mitarika amin'ny tsara sy mandrara amin'ny ratsy, ary tsy tokony misy zavatra ratsy ihany koa miatraika amin'ireo mpino silamo.

## Ireo dingana amin'ny fitarihana amin'ny tsara sy amin'ny fandrarana amin'ny ratsy

Dingana voalohany : manao zavatra ianao mampiseho fa ny fonao dia tsy mankasitraka ary tsy tia ny fanaovan-dratsy sy ny famelana ny fanaovana ny tsara.





Dingana faharoa : fitarihana amin'ny tsara sy fandrarana amin'ny ratsy amin'ny alalan'ny resaka sy ny teny avoakan'ny lela.

Dingana fahatelo : Ny fanatanterahan'ny mpino silamo iray lamina sy asa mba ho fitarihana amin'ny tsara sy ho fandrarana amin'ny ratsy.



Ireto zavatra manaraka ireto dia anisan'ny asa tsara :

-Ny fiankinan-doha amin'Andriamanitra ilay Avo indrindra.



-Ny fifikirana amin'Andriamanitra Ilay Avo indrindra.

-Ny fankasitrahana an'Andriamanitra amin'ireo fahasoavana maro mifanesy nomeny.

-Ny fandefasana eritreritra tsara momba ny zavatra ataon'Andriamanitra.

-Ny fananana finoana sy fahatokisana feno amin'ny anjaram-pivelomana omen'Andriamanitra, torak'izany koa ny androm-piainana, ny fahasoavana sy ny zava-dratsy (fitsapana) mitranga.

-Ny fatahorana an'Andriamanitra ilay Avo indrindra, miaraka amin'ny fanantenana ny soa avy Aminy.

-Ny faharetana sy ny fifehezana ny hatezerana.

-Ny faharetana manoloana ireo zavatra voararan'Andriamanitra.

-Ny fanajana ny rariny



-Ny fahafehezan'ny saina ny filana.

-Ny fanetre-tena

-Ny fitsitsiana amin'ny sakafo hohanina sy ny zavatra sotroina, ary amin'ireo zavatra hafa.



-Ny fanaovana ny rariny amin'ny olona na dia tsy misy tombontsoa ho an'ny tena aza.

-Ny fahamaotinana

-Ny fijeren'ny olona iray ny fahadisoany, fa tsy mijery ireo fahadisoan'ny hafa.

-Ny fananana ireo toetra mendrika

-Ny fangorahana

-Ny fanaovana tsianjery ny boky masina kor'any miaraka amin'ny famakiana azy sy ny fampiharana ny zavatra voalaza ao anatiny

-Famangiana (ziyarat) ny Mpaminany (saws) sy ireo olo-masina tsy manao fahotana avy amin'ny taranany (as).

-Ny fihafiana amin'ny fiainana ety an-tany.

-Ny famonjena ny mpino namana, fanamaivanana ny halahelony, fanaovana izay mahafaly azy, fanomezana sakafo azy, ary fanatanterahana ireo zavatra ilainy.

-Ny fitsarana ny zavatra nataon'ny tena isan'andro.

-Ny fahalalan-tanana sy ny fiafiana noho ny hafa.

-Ny famelomana sy ny fikarakarana ireo fianakaviana.

-Ny fibebahana amin'Andriamanitra amin'ny fahotana rehetra, na ny kely na ny lehibe, ary ny fanenenana amin'ny fahadisoana natao.


# Ireto zavatra manaraka ireto dia anisan'ny asa ratsy

- Ny tsindry hazolena

- Ny fanampiana ny hafa amin'ny fanaovana tsindry hazolena, sy ny fankasitrahana izany.

-Ny fatahorana ny olona iray noho ny haratsiana.

- Ny fanimbana ny rohim-pihavanana.




-Ny fahatezerana.

-Ny avonavona sy ny fanambonian-tena.

-Ny fihinanana ny volan'ny kamboty amin'ny tsy rariny.

-Ny fianianana lainga amin'ny ankavanana.

-Ny fijoroana vavolombelona amin'ny tsy marina.

-Ny tetika sy ny fitaka ratsy.

-Ny fanambaniana sy ny fanaovana tsinontsinona ny mpino silamo indrindra fa ireo mahantra.

-Ny fialonana.

-Ny fifosana sy ny fihainoana izany.

-Ny fitiavam-bola sy ny fitiavana tafahoatra ny fiainana an-tany.

-Ny fitondran-tena maloto, sy ny fanendrikendrehana ny hafa nanao ratsy. Ny fanompana sy ny fanaovana teny mavesatra amin'ny hafa.



-Ny faniratsirana ireo Ray aman-dReny.

-Ny lainga.

-Ny fivadihana amin'ny fitokiana.

-Ny fanaovana mandrakariva ny fahotana amin'ny alalan'ny famerimberenana izany, ary tsy mba manenina.

-Ny fitahirizana ireo sakafo mba hampiakarana ny vidiny.

-Ny hosoka sy ny halatra.

-Ny fanaovana ny tafahoatra sy ny fandanilaniam-poana.

-Ny tsy fanaovana ny iray amin'ireo adidy (wajibo) ara-pinoana.

# Fantatro ny zavatra azo atao sy ny zavatra tsy azo atao

Tsy azon'ny lehilahy atao ny manala tanteraka ny volom-bavany, ary tsy azony atao ihany koa ny manala volom-bava amin'ny alalan'ny hareza fampiasa ankehitriny, torak'izany koa, raha ohatra ka efa manomboka mitsiry ny volom-bavany ny ampitso, dia tsy azony atao ny manala sy mikiky izany amin'ny hareza, fa azony atao kosa ny manapaka ny volom-bavany, amin'ny halavana izay ahitana ny maha volom-bava azy.




Lehilahy iray mitafy famantaranandro eny amin'ny tanany, ary vita amin'ny hoditra biby ny tanan'ilay famantaranandro, izay namboarina tany amin'ireo firenena tsy mpandala ny finoana Islamo, ka tsy fantatra na hoditra biby voalenta araka ny fomba Islamo izany na tsia, ka rehefa manao soalat ilay lehilahy dia miaraka aminy eny amin'ny tanany ilay famantaranandro, mieritreritra izy fa avy amin'ny hoditry ny biby voalenta araka ny fomba Islamo izany.



Ny fandraisanao ny tanan'ny hafa amin'ny tananao mando, nefa tsy fantatrao na silamo izy ireo na tsia, dia tsy misy olana ny amin'izany, ary tsy mandoto.






Ny fifampikasohana mivantana amin'ny kristianina na Jiosy misy hamadoana dia tsy mandoto.

Ny fidirantsika amin'ny trano iray izay tsy fantatra ny olona nipetraka tao taloha, ary tsy fantatra ny fahadiovan'izy ireo, dia tsy antony ahafahantsika mitsara fa maloto izany toerana izany.





Raha ohatra isika ka mihaino ireo andininy ao amin'ny kor'any amin'ny alalan'ny Radio na televiziona, ka ireo andininy ireo dia mitaky fiankohofana, dia tsy voatery manao izany isika, raha tsy henontsika amin'ny mpamaky mivantana izany andininy izany.

Tsy azoko atao intsony ny miverina matory tsy manao soalat, raha ohatra ka efa nosokafako ny masoko, ary fantatro fa ny fiverenana amin'ny torimaso, dia mahatonga ahy tsy ho tafafoha intsony raha tsy efa miposaka ny masoandro.






Azoko atao ny mividy ireo akanjo manify malefaka, izay antsoin'ireo mpivarotra hoe « lamba lasoa, na lamba landy », ary tsy fantatro na tena izay marina na tsia.



Tsy azontsika atao ny mividy ireo zava-maneno kilalao ho an'ny ankizy na dia ho an'ny fialam-boly aza izany.

Azo atao ny manamaina ny fatin'ireo biby ka manao izany ho haingo-trano ao amin'ny efitra fandraisam-bahiny na amin'ireo efitra hafa.





Tsy azo atao ny maka ny taova na ny ampahany amin'ny vatan'ny olona iray maty mba ho atao amin'ny vatan'ny olona iray velona mila izany, raha tsy ho famonjena ny ain'ny mpino silamo iray, miaraka amin'ny hafatra izay napetraky ny maty mikasika izany.

Raha ohatra ny fifohana sigara misy fiatraikany goavana amin'ny olona iray mifoka azy, na lehilahy izany na vehivavy dia voarara (haram), na mbola vao manomboka mifoka ilay olona na efa zatra.





Tsy azo atao ny manary ireo gazety, sy boky izay ahitana andininy amin'ny kor'any, na ahitana anaran'Andriamanitra any amin'ireo fanariam-pako. Fa tokony halaina sy diovina izy ireny raha ohatra ka voan'ny loto.

Raha ohatra ka nahita vola latsaka ianao eny amin'ny toerana iray hifamezivezen'ny daholo be, ary atokisanao fa tsy ho hitanao mihitsy ny tompony, dia tokony homenao atao harena fiantrana izany (swadaqa), ka ianao no misolo tena ilay tompony.



## Fizahan-takelaka

**Lohahevitra** **Pejy**


Ankizy efa ampy taona ara-pinoana aho................................04
Manaraka izay ataon'ny manam-pahaizana isika....................06
Ny silamo dia manalavitra sy miala amin'ireo loto................07
Ny fifindran'ny loto......................................................08
Ny silamo dia tia fahadiovana.............................................. 09
Rano tsy mifangaro (ma'oul-moutwlaq)............................. 10
Ny silamo dia tia fahadiovana............................................. 12
Ny loto lehibe sy ny loto kely.............................................. 19
Ny loto lehibe.......................................................................... 21
Ny silamo dia manatanteraka ireo vavaka fanompoana (soalat) tsy maintsy tanterahana, ary manao fidiovana masina (Oudhou') alohan'ny hanao soalat...................................... 33
Tsy maintsy manao fidiovana masina (Oudhou') alohan'ny hanao soalat.............................................................................. 34
Toy izao no fanaovantsika fidiovana masina(Oudhou')....... 35
Moa ve izaho misy Oudhou' sa mbola tsy nanao Oudhou'.. 38
Ny mpino silamo dia manadio ny tenany ary mandro noho ny fivoahan'ny tsirinaina (Janaba)............................................ 39
Ireo fepetra amin'ny fandroana.......................................... 40
Ireo fandroana tsy maintsy atao (wajibou), ireo fandroana tsara atao fa tsy voatery (Moustahab)................................ 41
Amin'inona no hanaovan'ny mpino silamo tayamoum ?.... 43
Tandremo, tandremo, tandremo......................................... 46
Tsy tokony ho adinoko mihitsy ny soalat tsy maintsy atao....48
Ahoana ny fomba hanatanterahako ny soalat ?.................... 51
Ny Iqamat (antso ho amin'ny fampitsanganana ny soalat).. 52

**Lohahevitra** **Pejy**

Ny famakiana.......................................................... 53
Tandremako tsara..................................................... 54
Fiankohofana (Soudjoud).......................................... 55
Ny teny fijoroana vavolombelona (At-tachahoud)............... 56
Fiarahabana (taslim)................................................ 57
Ireo zavatra manimba ny soalat.................................. 58
Ny fisalasalana ao anatin'ny soalat.............................. 59
Haveriko ny soalat-ko raha ohatra ka simba noho ny fisalasalana.......................................................................... 60
Ahoana ny fomba fanaovana fiankohofana noho ny fanadinoana (Soujoud-ssahwa)............................................. 61
Enganie mba ho voarain'Andriamanitra........................ 62
Vavaka fanompoana miaraka (soalatoul-Jama'at)................ 63
Ny vavaka fanompoana amin'ny tranga miavaka (soalatoul-Aiyat)...................................................................... 66
Ahoana ny fomba fanaovana ny soalatoul-Aiyat................. 67
Ireo soalat tsara atao fa tsy voatery (moustahab)................. 68
Ny soalatoul-wahsha na ny soalat amin'ny alin'ny fandevenana............................................................................ 69
Soalat atao raha misy raharaha manahirana........................ 70
Mifehy aho amin'ny volana Ramadhan............................. 71
Zakatoul-Fitr........................................................... 74
Handeha hanao fivahinianana masina (hadj) any amin'ny tranon'Andriamanitra aho raha afaka mandeha manao izany...... 76
Andro fahavalo amin'ny volana zhoul-Hidja.Antsoina hoe « yamou-tarwiya »......................................................... 79
Aorian'ny fialan'ny mpino silamo ao Makka....................... 82
Hamoahako harena fiantrana (zakat) ny harenako................ 83

Inona avy ireo fepetra takiana amin'ny famoahana zakat amin'ny volamena sy ny volafotsy.................................... 84
Fepetra amin'ny famoahana zakat amin'ny vola azo amin'ny varotra....................................................................................... 87
Iza no tokony homena ny zakat ?....................................... 88
Manome khoms aho....................................................... 90
Tsy maintsy mamoaka khoms amin'izay tombony azony ny mpino silamo............................................................................. 92
Iza no handoavana ny khoms ?.......................................... 94
Ny tsy fitovian'ny varotra izay tsy voarara (halal) sy ny fanjanaham-bola izay voarara (haram)........................................ 95
Ny fanjanaham-bola........................................................ 97
Fantatro ny biby voalenta (araka ny lalàna ara-pinoana), sy ny biby tsy voalenta.......................................................... 98
Manontany mikasika ny fihazana....................................... 102
Ny fihazana amin'ny alalan'ny alika mpihaza.................. 103
Inona avy ireo biby izay tsy azontsika hohanina ?.............. 105
Inona avy ireo voromanidina azoko hohanina ?................. 106
Ireo zavatra tsy azo hohanina (haram) na dia voalenta ara-dalana aza ilay biby........................................................... 107
Ireo fahalalam-pomba eo ampisakafoanana...................... 108
Fantatro ny voady, ny fampanantenana, ary ny fianianana amin'ny ankavanana........................................................... 110
Ny sorona (Al oudhiya)................................................... 111
Rehefa feno ireo fepetra amin'ny voady (dia tsy maintsy manatanteraka izany ny olona iray), ary toy izao izany......... 112
Rehefa feno ireo fepetra amin'ny voady, dia tsy maintsy tanterahan'ilay olona nanao izany ny fampanantenana nomeny. ..................................................................................113

| **Lohahevitra** | **Pejy** |
|---|---|

Ny fampanantenana.......................................................... 114
Ny ankavanana sy ny fianianana..................................... 115
Rahoviana no azo atao ny mianiana amin'ny lainga ?...... 116
Hafatra sy didim-pananana (Al waswiya)......................... 117
Ahoana ny fomba fanaovana ny hafatra sy didim-pananana ?..
.................................................................................. 118
Fanatanterahana ny hafatra sy ny didim-pananana........... 119
Mitarika amin'ny tsara aho ary mandrara amin'ny ratsy.... 120
Ireto zavatra manaraka ireto dia anisan'ny asa tsara........ 122
Ireto zavatra manaraka ireto dia anisan'ny asa ratsy........ 124
Fantatro ny zavatra azo atao sy ny zavatra tsy azo atao... 126

**Iangaviana isika mba hamaky sourat al fatiha ho an'ny Marhoum-tsika Rassanaly Molou, Nasrine Hedaraly Djaffar, Djihane Fazle Molou, Meissam Molou sy ireo Marhoumine rehetra**